

Pejy 7

Maniry handefa
hafatra ho anao
Andriamanitra

Page 16

Mamafa ny vovoky
ny lalàna sy ny
Teny vavolombelona


**Herinandro fiaraha-
mivavaka**

Nov 2019

Page 26

Ny Mpaminany ho an'ny
vahoakan'Andriamanitra
amin'ny andro farany

Adventist World



Nantsoina
isika mba

**Hatoky
ireo Mpaminany**



HERINANDRO FIARAHAMIVAVAKA

Nôvambra 2019

3 Sabata voalohany

Nahoana Andriamanitra no naniraka mpaminany?

7 Alahady

Maniry ny handefa hafatra ho anao Andriamanitra

10 Alatsinainy

Ilay nohosoran'Andriamanitra sy ilay nanosotra ny tenany

13 Talata

Araka ny tokony ho izy ve ny fomba famakianao ny Baiboly?

16 Alarobia

Mamafa ny vovoka eo amin'ny lalàna sy ny teny vavolombelona

20 Alakamisy

Mpaminany marina sy sandoka, taloha sy ankehitriny

23 Zoma

Vahoakan'ny fahazavana lehibe kokoa sy fahazavana kely kokoa

27 Sabata faharoa

Mpaminany ho an'ny vahoakan'Andriamanitra amin'ny andro farany



Natontan'ny Trano Pirinty Advantista Soamanandrariny
BP 1134 Antananarivo 101

Lalam-pirenenena mankany Toamasina (RN2), PK6
Tel. 033 37 107 17 - 033 37 110 39 - 034 86 606 99
e.mail <imriad@mea.adventist.mg>

Voatolotra ara-dalàna: 327-D/09.19
Ny Natonta: 9260 isa

Fampidirana

Nantsoina isika ho

Mahatoky Amin'ireo Mpaminaniny

Naniry mandrakariva ny hifandray amin'ireo voariny Andriamanitra. Niaranandeha sy niresaka tamin'i Adama sy i Eva tao amin'ny saha Edena Izy talohan'ny nidiran'ny fahotana teto amin'izao tontolo izao. Tsy azo natao intsony izany taorian'ny fahalavoana satria handevona ny olombelona mpanota ny fanatrehany.

Tsy te hanary antsika anefa Izy ka namorona fomba hafa hanomezana ny hafany manokana, izay mifono fampianarana, fampitandremana, fananarana ary fitiavana ny olony. Tsy inona izany fomba hafa izany fa ny fanomezam-pahasooavan'ny faminaniana. Manan-danja tokoa ireo mpaminanin'Andriamanitra, ka ambaran'ny Baiboly amintsika mihitsy fa "tsy manao na inona na inona tokoa Jehovah Tompo, raha tsy milaza ny heviny amin'ny mpaminany mpanompony." - Amô. 3:7.

"Mahatoky amin'ireo mpaminaniny": io no lohahevitsika mandritra ity herinandro fiaraha-mivavaka ity, ka hodinihintsika amin'izany ireo fanontaniana manandanja maromaro mikasika ny fanomezam-pahasooavan'ny faminaniana. Anisan'izany fanontaniana izany ny hoe "nahoana Andriamanitra no naniraka mpaminany?"; "Inona no manosika ny mpaminany hampita ilay hafatra?"; "Ahoana no amantarana ny mpaminany marina?"; "Ahoana no tokony handraisantsika ny hevity ny teny faminaniana?"; sy ny hafa koa.

Hitarika antsika ao amin'ny toriteny isan'andro i Marcos sy i Claudia Blanco, ho fandinihina izany lohahevitra manandanja izany amin'ny alalan'ireo lahatsoratra voahevitra sy mampahery.

Toriteny mitondra ny lohateny hoe "Mpaminany ho an'ny vahoakan' Andriamanitra amin'ny andro farany" no hamaranana ny herinandro, izay ampiarahina amin'ireo asa soratr'i Ellen G. White sy ny fanasongadınany ny Baiboly amin'ny mahafitsipika tokan'ny finoana sy ny fanoa.

Mampirisika anao aho hanokana fotoana isan'andro handinihana sy hivavahana mandritra ity herinandro manokana hiarahana mivavaka ity. Azoko antoka fa handrotsaka fitahiana be dia be Andriamanitra, raha miombona ho amin'izany amin'ny mahampianakavin'ny finoana manerana izao tontolo izao isika, ka hifantoka amin'ny fahatokiana amin'ireo mpaminaniny ho fiandrandrana ny fiavian'i Kristy tsy ho ela.

Ted N.C dia filohan'ny fiangonana Adventista Mitandrina ny Andro Fahafito maneran-tany. Misy lahatsoatra sy famakafakana fanampiny Azo jerena ao amin'ny biraon'ny filoha ao amin'ny Twitter: @pastortedwilson sy Facebook: @Pastor Ted Wilson.

SABATA VOALOHANY



Nahoana Andriamanitra no naniraka mpaminany?

Manambara ireo tsiambaratelony amin'ny mpanompony i Jehôvah.

Alaivo sary an-tsaina izany hoe ny endrik'Andriamanitra no endrika hitanao voalohany indrindra, ary ny feony no feo renao voalohany indrindra. Izany no niainan'i Adama sy i Eva. "Ary vovo-tany no namorongan'i Jehovah Andriamanitra ny olona, ary nofasoniny fofonaina mahavelona ny vavorony; dia tonga olombelona izy" - Gen. 2:7.

"Ary ny taolan-tehezana izay nalain'i Jehovah Andriamanitra tamin-dralehilahy dia nataony vehivavy ka nentiny tany amin-dralehilahy" - and. 22.

Rehefa nanokatra ny masonry i Adama sy i Eva dia njery ny endrika maha-te ho tia an'i Jesôsy, ary avy tamin'ny feony mahafinaritra ny sofina no teny voalohany ren'izy ireo.

Tonga lafatra ny zava-drehetra tao amin'ilay zaridaina tsara tarehy nonenany. Tian'izy ireo ny fiarahana tamin'ireo anjely sy tamin'izy samy izy ary tamin'Andriamanitra. Izao no anambaran'i Ellen White izany toe-javatra izany: "Tsy hoe zanak'Andriamanitra fotsiny ihany i Adama sy i Eva, fa mpianany koa. Nandray lesona avy tamin'Ilay Fahendrena tsy hita lany izy. Sady novangian'ny anjely izy no afaka niresaka nifanatrika tamin'Ilay Mpamorona azy koa"¹.

Raha vao tafiditra teto amin'izao tontolo izao anefa ny fahotana dia niharatsy tanteraka ny zava-drehetra. Raha tokony ho nifaly amin'ny fihaonana amin'Andriamanitra ireo razambentsika voalohany, dia nandositra tamin-tahotra kosa, ka nitady izay hiafenana. Mazava loatra anefa fa tsy afaka miafina an'Andriamanitra na oviana na oviana ny olona iray.

Tamin'ireo zava-marobe verin'izy ireo tamin'izay andro izay, dia ny tsy fananana intsony ny tombontsoan'ny firaisansa mivantana amin'Andriamanitra no naharary azy indrindra. *"I Adama, tao amin'ny tsy fananany tsiny, dia nifaly tamin'ny firaisansa tanteraka tamin'ny Mpanao azy; nitondra fisarahana teo amin'Andriamanitra sy ny olona anefa ny fahotana, ka ny fanavotan'i Kristy irery ihany no afaka handingana ny hantsana sy hahatonga ny fampitana ny fitahiana na ny famonjena avy any an-danitra ho ety an-tany hisy."*²

Tsy nahafoy antsika Andriamanitra

Rehefa misy olona tiantsika dia tiantsika ny miresaka aminy sy manokana fotoana iarahana aminy. Ireo efa ray amandreny amintsika, dia maniry ny hanana fotoana iarahana amin'ny zanany mba hizarana fanandramana, hampianaranana sy hampaherezana azy ireo, ary hanolorana fanampiana amin'ny fotoana ilàna izany. Tiantsika ny hanolotra azy ireo ny fanomezan'ny fanatrehantsika sy ny fifampiresahana.

Raha isika olombelona aza maniry fatratra ny hifandray amin'ireo olon-tiantsika tahaka izany, dia mihoatra lavitra noho izany manao ahoana re ny fanirian'ilay Raïntsika any an-danitra ny hifandray amintsika? Izao no tenin'i Jesôsy: "Koa raha hianareo, na dia ratsy aza, mahalala hanome zava-tsoa ho an'ny zanakareo, tsy mainka va ny Rainareo Izay any an-danitra no hanome zava-tsoa ho an'izay mangataka aminy?" - Mat. 7:11.

Tsy nahafoy ny olony tsy akory Andriamanitra ka namela azy ireo ho azon'ny fikasan-dratsin'ny devoly. Namorona fomba vaovao Andriamanitra mba hampitana ireo

torolalany manan-danja sy manavotra aina ho an'izao tontolo izao. Tsy azony natao intsony tokoa mantsy ny miresaka mivantana amin'ny zanak'olombelona lavo na ny mampianatra azy tahaka ny teo aloha noho ny sakana natsangan'ny fahotana.

Fomba sivy fara fahakeliny no ambaran'ny Baiboly fa ampasain'Andriamanitra hifandraisana amin'ny olona: (1) ny anjely; (2) ny zavaboary (natiora); (3) ny andrirahona/andri-afô; (4) ny orima sy tomima; (5) nynofy; (6) ny feo avy any an-danitra; (7) ny Fanahy Masina izay mitarika ny tsirairay; (8) i Kristy; (9) ary ny mpaminany.

Raha nampiasa ireo fomba fifandraisana rehetra ireo Andriamanitra, dia "nomena tamin'ny alalan'ny mpaminany fanambarana lehibe ny sitrapon'Andriamanitra, ho fitarihan-dalana ny fiangonana mandritra ny fotoana rehetra"³³, ka i Jesôsy no lohan'izy ireo (Lio. 24:19; Mat. 13:57,58). Manan-danja tokoa ireo mpaminanin'Andriamanitra ka manome toky antsika ny Baiboly fa: "Tsy manao na inona na inona tokoa Jehovah Tompo, raha tsy milaza ny heviny amin'ny mpaminany mpanompony." - Amô. 3:7.

Nahoana Andriamanitra no naniraka mpaminany?

Nahoana moa Andriamanitra no naniraka mpaminany? Ao amin'ny Baiboly no ahitantsika ny valin'izany: "(...)satria nangoraka ny vahoakany sy ny fonenany IZY"- 2 Tan. 36:15, DIEM.

Mahaliana tokoa ny tontolon-kevitr'io andalan-tSoratra Masina io. Betsaka ny zavatra efa verin'ny fanjakan'ny Joda, ary efa tsy laviry ny fahababoana sy ny fandravan'ny Babilônia nina izy ireo ankehitriny. Nanaraka ny fanaon'ireo mpanjaka ratsy fanahy nifandimby i Zedekia, ilay mpanjaka farany tao amin'ny firenen'ny Joda, sy "ny lehibe rehetra tamin'ny mpisorona sy ny vahoaka koa" ka "nanao izay mahadiso indrindra araka ny fahavetavetana rehetra fanaon'ny jentilisa ka nandoto ny tranon'i Jehovah tany Jerosalema izay nohamasininy" - and. 14.

Nitranga izany toe-javatra izany na dia naniraka mpaminany maro aza Andriamanitra; anisan'izany i Jeremia "izay nilaza ny tenin'Andriamanitra" - and. 12. Nirahina ireo mpitondra hafa-paminaniana ireo satria "nangoraka ny vahoakany" Andriamanitra (and. 15, DIEM).

Inona no nataon'ny vahoakan' Andriamanitra nanoloana izany? "Kango ny olona nihomehy ireny irak'Andriamanitra ireny sady nanazimba ny teniny sy namazivazy ny mpaminaniny mandrapihatry ny fahatezeran'i Jehovah taminy, ka tsy nisy nahavony azy" - and. 16.

Tsyzavatramaivamaivanaizanymanamavo ny hafatra ampitain' Andriamanitra amin'ny alalan'ny mpaminaniny izany. Teto amin'ity tranga ity dia niteraka ny fahafatesan'ny zatovolahy sy ny zatovovavy ary ny antitra izany, eny fa na dia ireo izay nialoka tao amin'ny fitoerana masin'Andriamanitra aza. Norobaina avokoa ireo fanaka sisa tao amin'ny fitoerana masina ary nodorana ny tranon'Andriamanitra. Narodana ny mandan'i Jerosalema, ary noravana ny tanâna. Nentina ho babo tany Babilôna ireo sisa velona.

Jehôvah efa nampitandrina azy ireo ny amin'izany rehetra izany tamin'ny alalan'ny mpaminaniny, anisan'izany i Jeremia, saingy tsy nety mihaino ireo vahoaka ireo (and. 15).

Mampalahelo fa matetika no nolavin'izy ireo ny mpaminanin'Andriamanitra sy ny hafatra nampitondrainy azy ireo. Na izany aza anefa dia mbola nametraka fantsona ara-paminaniana hifandraisana amin'ny vahoakany hatrany Andriamanitra, satria anakandriamasony ireo (Deo. 32:10; Zak. 2:8).

Miasa amin'ny alalan'ny mpaminany Andriamanitra

Nandritra ny taona maro nifandimby dia nanome hafatra manan-danja sy mamony aina tamin'ny alalan'ireo mpaminaniny Andriamanitra. Olon-tsotra ny mpaminany, izay nofidiny hisolo tena Azy mba handray ny hafany sy hampita izany amim-pahatokiana amin'ny vahoakany.

Niteny tamin'ny mpaminaniny tamin'ny alalan'ny nofy sy ny fahitana Andriamanitra; ny mpaminany kosa, teo ambany fitarihan'ny Fanahy Masina, dia nampita izay hitany sy reny tamin'ny alalan'ny fomba fiteniny, "fa tsy nisy faminaniana avy tamin' ny sitrapon'ny olona tany aloha rehetra; fa avy tamin' Andriamanitra no nitenenan'ny olona araka izay nitondran'ny Fanahy Masina azy"- 2 Pet. 1:21.

Nitana anjara toerana lehibe nandritra ny tantaran'ny zanak'olombelona rehetra ny mpaminany, ka naseho tamin'izany ny antony nitahian'Andriamanitra ny olony tamin'ny nanirahany mpaminany. Manome antony valo nampiasan'Andriamanitra ny mpaminany i Douglass ao amin'ny bokiny mitondra ny lohateny hoe Messenger of the Lord (Mpitudra hafatr'Andriamanitra). Mpaminany no nampiasainy fa tsy "fomba manintonia ny saina izay mampitolagaga, toy ny fanoratana eny amin'ny rahona na koa ny filazana ny sitrapony amin'ny alalan'ny kotorokorana isa-maraina vao mangiran-dratsy"⁴

1. Nanoro sy nanomana ny lalana ho amin' ny fiavian'i Kristy voalohany ireo mpaminany.

2. Amin'nymaha-solotenan'Andriamanitra ny mpaminany, dia nasehon'izy ireo tamin'ny olona fa nanome lanja ny olombelona tokoa Izy, ka nifidy lehilahy sy vehivavy teo amin'izy ireo ihany mba hisolo tena Azy.

3. Ny mpaminany dia toy ny fampahatsiahivana mandrakariva fa aksaiky sy misy foana ny torolalana avy amin'Andriamanitra.

4. Nentina nizahana toetra ny olona ny amin'ny fifetsiny manoloana an' Andriamanitra ny fisian'ny mpaminany.

5. Mahanteraka ny tanjona mitovy amin'ny fifandraisana manokana amin'ny Mpahary ihany ny hafatra entin'ny mpaminany.

6. Asehon'ny mpaminany ny zavatra azon'ny fiarahana amin'Andriamanitra sy

ny fahasoavana manovan'ny Fanahy Masina tanterehina eo amin'ny fiainan'ny olombelona.

7. Nanampy tamin'ny fampahafantarana ny drafi-panavotana ny mpaminany satria niara-nampiasain'Andriamanitra hatrany ny olombelona sy ny maha-Andriamanitra mba ho fitaovana mahomby hikasihana ny taranak'olombelona very.

8. Ny asa misongadina tanterehin'ny mpaminany dia ny fandraisany anjara eo amin'ny Teny voasoratra.⁵

Fanomezam-pahasooavana ny faminaniana

Hita mazava fa rohim-pifandraisana manan-danja eo amin'Andriamanitra sy ny olombelona ny mpaminany. Hafatra maro avy amin'Andriamanitra - izay mirakitra fampianarana, fanazavana, fampitandremana, fananarana, fampaherezana ary ireo drafiny - no tehirizina ho antsika amin'ny alalan'ny Tenin'Andriamanitra voasoratra, dia ny Baiboly izany.

Fitambaran'ny hafatr'Andriamanitra ho an'ny olony ny Baiboly, ary koa firaketana ny asa nataony teo amin'izy ireo, izay nosoratan'ireo mpaminaniny tao anatin'ny 1600 taona teo ho eo (nanomboka tamin'i Mosesy hatramin'ny apôstôly Jaona), raha nahazo tsindrimandry avy tamin'ny Fanahy Masina izy ireo.

Iray amin'ireo fanomezam-pahasooavan'ny Fanahy tanisaina ao amin'ny 1 Kôr. 12 ny faminaniana, ka asehon'ny Tenin'Andriamanitra fa ho hita amin'ny andro farany izany. Izao no hitantsika mikasika ny famantaranana ireo vahoakan'Andriamanitra sisina amin'ny andro farany: "Dia tezitra tamin'ilay vehivavy ny dragona ka lasa nandeha hiady tamin'ny zanany sisa, izay mitandrina ny didin'Andriamanitra sy mitana ny filazana an'i Jesosy"- Apôk. 12:17.

Mahakasika io andalan-teny io sy ny hevitra momba ny fitenenan'Andriamanitra amin'ny alalan'ny mpaminany, dia izaon'ny nataon'ilay anjely tamin'i Jaona: "(...)mpanompo namanao ihany aho sady

naman'ireo rahalahinao izay mitana ny filazana an'i Jesosy; Andriamanitra ihany no ivavaho; fa ny filazana an'i Jesosy no fanahin'ny faminaniana" - Apôk. 19:10.

Ny Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito dia mino fa nanangana mpaminany ho an'izao andro farany izao Andriamanitra, noho ny fahendreny sy ny fangorahany. Tsy ilaina eto ny mitanisa ireo fisedrana rehetra hahafantarana ny mpaminany anankiray, saingy tsara ny manasongadina fisedrana iray: ny mpaminany marina dia tsy hanohitra na oviana na oviana ny hafatra tany aloha nomena tamin'ny alalan'ny mpaminanin'i Jehôvah; fa "ny fanahin'ny mpaminany dia manaiyk' hozakain'izy mpaminany"- 1 Kôr. 14:32, ary "(...)Raha tsy miteny araka izany teny izany izy, dia olona izay tsy hiposahan'ny fahazavan'ny maraina"- Isa. 8:20.

Manandratra ny Baiboly ary tsy manohitra ny fampianarany na oviana na oviana i Ellen White ao anatin'ireo asa sorany sy ny taratasiny sy ny toriteniny ary ny hafany rehetra. Olona an-tapitrisa maro no voatarika ho eo amin'i Jesôsy tamin'ny alalan'ny asa amin'ny mahampaminany azy; an-tapitrisa maro hafa koa no notahina tamin'ny alalan'ireo torohevitra avy tamin'Andriamanitra izay nomeny. Mbola ampiasaina ho torolalana ho an'ny vahoakan'Andriamanitra amin'izao andro izao ireo hevitra mikasika ny fomba fiaina ara-pahasalamana sy ny fanabeazana ary ny asa fanompoana sy ny maro hafa koa. Hafatra mitondra soa ho an'ireo izay mandray izany amin'ny fo ny fampitandremana ny amin'ireo toe-javatra ho avy sy ny torolalana momba ny fomba tsara indrindra hiomanana ho amin'izany.

Mampirisika anao aho mandritra ity herinandro fiaraha-mivavaka ity mba hisaintsaina lalina ny fanomezana lehibe mifono fahendrena sy fangorahana izay natolot'Andriamanitra ho antsika tamin'ny alalan'ireo mpaminaniny. Mampirisika anao koa aho mba hahatsiaro ireo fitahiana marobe azo amin'ny fihainoana sy fitandremana ny Teniny. "Minoa an'i Jehovah Andriamanitrareo, dia ho tafatoetra hianareo;

minoa ny mpaminaniny, dia hambinina hianareo" - 2 Tan. 20:20.

Filohan'ny foiben'ny fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito manerantany ingahy Ted N.C. Wilson

Naschon'ireo mpaminany tamin'ny olona fa nanome lanja ny olombelona tokoa Andriamanitra, ka nify lehilahy sy vehivavy teo amin'izy ireo ihany mba hisolo tena Azy.

SOSO-KEVITRA HO AMIN'NY VAVAKA

1. Mivavaha mba homen'ny Fanahy Masina fahafahana mandre izay ambaran'Andriamanitra aminao amin'ny alalan'ireo mpaminaniny ianao.

2. Mivavaha amim-pandinhana ireo fitahiana izay nomen'Andriamanitra tamin'ny alalan'ny fampaherezan'ireo teny faminaniana eo amin'ny fainanao.

3. Angataho Andriamanitra mba handatsaka ao an-tsainaoy fahatakarana mazava ny anjara asan'ny mpaminaniny amin'ny andro farany, dia i Ellen White izany.

1 Patriarka sy Mpaminany, t. 26

2 Patriarka sy Mpaminany, t. 46

3 T. Housel Jemison, A Prophet Among You (Mountain View, Calif.: Pacific Press Pub. Assn., 1955), t. 23.

4 Herbert E. Douglass, Messenger of the Lord: The Prophetic Ministry of Ellen G. White (Nampa, Idaho: Pacific Press Pub. Assn., 1998), t. 10.

5 Mitovy amin'ny teo aloha.



Maniry ny handefa hafatra ho anao Andriamanitra

Inona no manosika ny mpaminany hampita ilay hafatra?

Alaivo sary an-tsaina vetivety hoe tsy mbola nandre mikasika ny fivavahana kristianina mihitsy ianao. Tampoka teo anefa, nahita boky iray teny an-dalana ianao. Noraisinao izany ary hitanao fa "Baiboly Masina" no soratra eo amin'ny fonony - tsy misoratra eo ny mpanoratra azy. Iza no nanoratra izany?

Ny zavatra ataoko voalohany indrindra rehefa mandray boky, ankoatra ny mamaky ny lohateny, dia ny mijery ny mpanoratra izany. Niasa tao amin'ny tontolon'ny fanontam-pirinty aho ka fantattro tsara ny faritra eo amin'ny boky ahitana izany fampahafantarana izany: eo amin'ny takila momba ny zon'ny mpamorona. Akory anefa ny hagaganao! Rehefa manokatra ilay "Baiboly Masina" ianao dia tsy hitanao ao ny fampahafantarana momba ny mpanoratra izany.

Inona no tokony ho tonga ao an-tsain'ilay olona voalohany indrindra, raha sambany vao mamaky ny Baiboly izy? Iza no

nanoratra izany? Ahoana no nahatongavany teto amintsika? Iza no nanambatra izany? Mazava loatra fa na ny olona tsy dia mahalala firy ny mikasika ny fivavahana aza dia mahafantatra ny fanambaran'ny Kristianina fa avy amin'Andriamanitra ny Baiboly. Midika ve izany fa nilatsaka avy tany andanitra ny Baiboly izay fantatsika amin'izao fotoana izao? Moa ve Andriamanitra manana "mpitantsoratra" na tonian-dahatsoratra? Izy ve no nanoratra izany sa olombelona?

Ny fanapahan-kevitra lehibe tsy maintsy horaisintsika eo amin'ny fiatrehana ny zava-mahagaga momba ny Baiboly dia ny famaritana raha toa iska ka handinika izany avy amin'ny fomba fijery ivelan'izany, na hanao laharam-pahamehana ny famaritany ny tenany ihany. Mba hahazoantsika ny tiany hambara, dia ho tsy rariny ho an'ilay boky sy ny mpanoratra (na amin'ireo mpanoratra) ny fanaovana tsinontsinona izay ambaran'ny Baiboly mikasika ny tenany sy ny fiafiany.

Iza no fanamarihana mivantana nataon'ny apôstôly Paoly, iray tamin'ireo mpanoratra nanoratra boky maro indrindra tao amin'ny Baiboly: *"Izay soratra rehetra nomen'ny tsindrimandrin'Andriamanitra dia mahasoa koa ho fampianarana, ho fandresen-dahatra, ho fanitsiana izay diso, ho fitaizana amin'ny fahamarinana, mba ho tanteraka ny olon'Andriamanitra, ho vonona tsara ho amin'ny asa tsara rehetra"* - 2 Tim. 16,17.

Tahaka izany koa no nanambaran'ny apôstôly Petera hoe: *"Ary manana ny teny faminaniana atao mafy orina kokoa isika; koa raha mandinika izany hianareo, dia manao tsara, fa toy ny jiro mahazava ao amin'ny fitoerana maizimaizina izany, mandrapahazavan'ny andro, ka mposaka ao amponareo ny fitarik'andro; fa fantatrareo voalohany indrindra fa ny famoahan-kevitry ny faminaniana ao amin'ny Soratra Masina dia tsy efan'ny fisainan'ny olona fotsiny ihany; fa tsy nisy faminaniana avy tamin'ny sitrapon'ny olona tany aloha rehetra; fa avy tamin'Andriamanitra no nitenenan'ny olona araka izay nitondran'ny Fanahy Masina azy."* - 2 Pet. 1:19-21.

Manamafy izany fijoroana ho vavolombelona atao'nny Baiboly mikasika ny tenany izany fa avy amin'ny "tsindrimandrin" Andriamanitra ny Soratra Masina. Araka izay "nitondran" ny Fanahy Masina azy no nitenen'an'reo mpaminany.

Ahitana fampahafantarana lalina sy sarobidy momba ny niavian'ny Baiboly sy ny toetrary ao amin'ireo andinin-tSoratra Masina roa ireo. Ambarany fa (1) avy amin'Andriamanitra ny Soratra Masina, ary Izy no nanao dingana nampahafantatra ny Tenany amin'ny alalan'ny fifandraisana amin'ny olombelona; (2) Amin'ny alalan'ny toe-javatra mahatalanjon'ny "tsindrimandry" (grika: theopneustos) no isian'ny fanambarana; ary (3) mihatra amin'ny Baiboly iray manontolo izany toe-javatra mahatalanjona izany.

Rehefa mandinika ireo toko sy andininy mikasika ny niavian'ny Baiboly isika dia zava-dehibe ny hihazonantsika ao an-tsaina izay ambarany sy izay tsy ambarany. Na dia nohamafisina aza fa Andriamanitra no loharanon'ny Baiboly, dia tsy manambara kosa ireo andalan-teny ireo fa Izy no mpanoratra izany. Ny mpanoratra, dia ireo "olo-masin'Andriamanitra", no nirakitra ny fanambarana teo ambany "tsindrimandrin'Andriamanitra".

Araka izany, ambaran'ny apôstôlô Petera mazava fa na dia ny olombelona aza no fitaovana hita maso nanoratra ny Soratra Masina, ny niavian'ny fanambarana kosa - ny loharanon'ny zavatra hita ao amin'ny Soratra Masina - dia Andriamanitra. Mandray anjara ao anatin'ny fizotran'izany ny asan'ny olombelona, saingy tsy avy aminy na ny fanazavana, na ny famelabelarana, na ny famakafakana voarakitra ao amin'ny Soratra Masina.

Ny fomba fisehon'ny tsindrimandry

Mipetraka hatrany ny fanontaniana hoe: ahoana no tokony hahatakarantsika ny fifandraisana eo amin'ilay Andriamanitra Loharano sy ny olombelona mpanoratra?

Inona avy no anjara asa tanan'ireo mpandray anjara ireo? Ahoana no anehoana io fizotran'ny fanambarana io ao amin'ny Soratra Masina?

Na ny fijerena ivelambelany ny Baiboly amin'ny maha-boky azy fotsiny aza dia ampy ahatsapan'ny mpamaky fa ny fanoratana ny Baiboly dia tsy toe-javatra iray tsy mivaky izay nitranga tao anatin'ny fotoana fohy sy tamin'ny fomba mitovy. Tsy izany velively, fa ny Baiboly, araka ny endrinongonga amintsika, dia vokatry ny fijoroana ho vavolombelona navelan'ireo mpanoratra 40 eo ho eo, nandritra ny taonjato 15, tamin'ny fiteny telo samy hafa: Hebreo, Arameanina ary Grika. Hita avy amin'ny fandinihana lalina kokoa aza fa misy ifandraisana amin'ny hamaroan'ny mpanoratra sy ny fahasamihafan'ireo kolontsaina navoitra tamin'izany ny fomba fanoratra marobe hita ao.

Raha izany, ahoana àry no nanambarana ny Baiboly?

Manambara mazava ireo toko sy andininy vao avy nohadihadintsika fohy (2 Tim. 3:16; 2 Pet. 1:21) fa avy tamin'ny "tsindrimandrin" Andriamanitra ny Soratra Masina. Mivelatra loatra anefa izany teny izany ka tsy mahalaza ny fanazavana ny fomba ampiasain'Andriamanitra hampitana ny sitrapony amin'ny asa soratra.

Niezaka nanakatra ny fomba fiasan'ny toe-javatra mahatalanjon'ny tsindrimandry ireo manam-pahaizana, rehefa nandinika ireo fanambaran'ny Soratra Masina, dia ny Baiboly amin'ny endrinongonga voasoratra izany. Na dia tsipahintsika amin'ny maha-Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito antsika aza ny petra-kevitra fa notononin'ny Fanahy Masina ny teny tsirairay voasoratra ao amin'ny Soratra Masina, dia inoantsika kosa fa niasa teo amin'ny teny nampiasain'ireo mpaminany ny fanambarana sy ny tsindrimandry. Nitari-dalana ny mpaminany teo am-panoratana ny Fanahy Masina, mba hahatonga ny teny ambarany haneho amimpahefana sy amim-pahatokiana ny hafatra noraisiny. Araka izany, dia "tsy afa-misaraka

amin'ny fizotran'ny fanambarana sy ny tsindrimandry ny teny.”¹

Andriamanitra mihitsy tokoa mantsy no nitari-dalana ireo mpanoratra, ary izy ireo indray no naneho ny fanambaran'Andriamanitra amin'ny fomba fiteniny. Noho izany, ny mpanoratra ny Baiboly ihany no mifidy ny fomba fanehoany ny zavatra lazainy - ny tenynofidiny hampitana ny hafatra avy amin'Andriamanitra - araka ny fitarihan'ny Fanahy Masina. Raha lazaina amin'ny teny hafa dia hoe: mpandika soratr'Andriamanitra ireo olona nanoratra ny Baiboly fa tsy peniny tsy akory.


Mampiasa ny fitenin'olombelona - fitaovana tsy tonga lafatra - ireo mpanoratra ny Baiboly, fa ny Tenin'Andriamanitra kosa no fanambarana miezinezina sy feno fahefana ary tsy mety diso ny sitrapon'Andriamanitra. Noho izany, ny fitaovana fampitan-kafatry ny olombelona izay tsy tonga lafatra no mampita ny fahamarinana. Tahaka ny tsy azo ampisarahina ny toetra maha-Andriamanitra sy maha-olombelona an'i Kristy anefa, no tsy azo ampisarahina ao amin'ny Baiboly koa ny zavatra ambara sy ny fomba fampitana izany; tsy azo eritreretina mihitsy izany. Ao amin'izany tranga mahatalanjona itambaran'ny maha-Andriamanitra sy ny maha-olombelona izany no anomezan'Andriamanitra fahalalana sy itarihany ny fizotran'ny fanoratana. Tsy manafoana ny maha-izy ilay olona na ny fahaiza-manao ananananany Izy. Ataony kosa izay hahazoana antoka fa marina sy mifanaraka amin'ny fikasany ny vokatr'izany asa iray manontolo izany.

Ny mpanoratra ny Baiboly ihany no mifidy ny fomba fanehoany ny zavatra lazainy - ny tenynofidiny hampitana ny hafatra avy amin'Andriamanitra - araka ny fitarihan'ny Fanahy Masina.

SOSO-KEVITRA HO AMIN'NY VAVAKA

1. Mivavaha mba hahitanao ireo ampahany samihafa ao amin'ny Baiboly sy izay irin'Andriamanitra omena anao avy amin'izany mba hampitomboana ny fahalalanao.
2. Mangataha fatokiana sy fahatakarana ny tsindrimandry izay nanomezana ny Soratra Masina ho antsika.
3. Miderà an'Andriamanitra noho ny amin'ireo hafatra samihafa nomeny antsika ao amin'ny Teniny, izay ahitana ireo fanoharana sy ohabolana ary tononkalo sy faminaniana.

1 Raoul Dederen, “Toward a Seventh-day Adventist Theology of Revelation-Inspiration,” in North American Bible Conference 1974 (Silver Spring, Md: North American Division of Seventh-day Adventists, 1974), t. 10.



Ilay nohosoran'Andriamanitra sy ilay nanosotra ny tenany

Inona avy ireo famantarana ny mpaminany marina?

“Ahoana ny hevitrao mikasika ilay vehivavy manambara ny tenany ho mpaminany, izay mandefa hafatra ao amin’ny YouTube?” hoy ny rahalahy iray feno tebiteby, raha niarahaba ireo mambran’ny fiangonana taorian’ny fotoam-pivavahana Sabata maraina aho.

“Raha ny marina dia tsy mbola nandre mikasika izany vehivavy izany mihitsy aho,” hoy aho namaly. “Aleo aloha hojereko ny horonantsariny, dia izay aho vao afaka hanome anao valinteny mazava kokoa.”

Rehefa avy njery ireo horonantsary aho dia hitako fa tsy mpaminany marina velively ilay vehivavy. (Nanao izay hampitomboana ny fahafaha-mahita ireo milaza ny tenany ho mpaminany ny YouTube). Inona no manosika ny olona iray hilaza fa nandray hafa-paminaniana avy tamin’Andriamanitra izy? Manan-danja kokoa noho izany, ahoana no hitsaran’ny fiangonana raha toa ny olona iray ka naharay hafa-paminaniana avy amin’Andriamanitra tokoa? Ary raha

nandray izany hafatra izany izy, mahatonga azy ho mpaminany avy hatrany ve izany?

Amin’ny lafiny iray, tokony ho ao antsaintsika mandrakariva fa mbola maniry ny hifandray amintsika amin’ny alalan’ny mpaminany Andriamanitra. Izao no torohevity ny apôstôly Paoly: “*Aza mamono ny Fanahy. Aza manao tsinontsinona ny faminaniana. Fantaro ny zavatra rehetra; hazony mafy izay tsara.*” - 1 Tes. 5:19-21. Manao fahadisoana lehibe isika raha manao tsinontsinona ny hafa-paminaniana marina, na izay nampitain’Andriamanitra tamin’ny alalan’ireo mpaminany tamin’ny fotoana lasa, na koa izay tiany hampitaina amin’ny olony amin’ny andro farany.

Etsy ankilan’izay anefa dia nampitandrina ny amin’ny hisian’ny mpaminany sandoka i Kristy: “*Mitandrema hianareo, fandrao ho voafitaky ny mpaminany sandoka, izay mankao aminareo amin’ny fitafian’ny ondry, fa ao anatiny dia amboadia mitoha izy.*” - Mat. 7:15. Mikendry ny hamitaka izy ireo, eny na ny olom-boafidy aza, mialoha indrindra ny fiavian’i Kristy fanindroany (Mat. 24:24). Izany no anton’ny torohevitr’i Jaona, izay mazava tokoa, manao hoe: “*Ry malala, aza mino ny fanahy rehetra, fa izahao toetra ny fanahy, na avy amin’Andriamanitra ireny, na tsia, satria maro ny mpaminany sandoka efa lasa any amin’izao tontolo izao.*” - 1 Jao. 4:1.

Fisedrana ny mpaminany

Inona avy àry ireo famantarana ny mpaminany marin’Andriamanitra? ASEHON’NY Baiboly fa tsy amin’izao vanim-potoana kristianina ankehitriny izao ihany no ipoiran’ny mpaminany sandoka. Tranga efa nisy teo amin’ny vahoakan’ny Isirael tamin’ny andron’i Jeremia izany (Jer. 14:14). Nomena torolalana ireo olona tamin’ny andron’i Jeremia mba hampiasa ny sivan’ny faminaniana tanteraka ho fisedrana ny mpaminany marina: “*Ny amin’ny mpaminany izay maminany fiadanana raha*

tanteraka ny teniny, dia ho fantatra ho mpaminany nirahin'i Jehovah tokoa izy." - Jer. 28:9; jereo ny Deo. 18:21,22.

Aoka ho ao an-tsaina fa ny asan'ny mpaminany dia mihoatra lavitra noho ny filazana mialoha ny hoavy fotsiny. Apetraky ny fitsipika momba ny faminaniana misy pepetra koa fa ny fiovan'ny toe-javatra na ny fifandraisana dia miteraka fiovana eo amin'ny hoavy izay nambara mialoha (jereo ny Jer. 18:7-10). Izany no nitranga tamin'ny faminanian'i Jônà mikasika ny fandravana an'i Ninive.

Fisedrana iray ihany koa ny firindran'ny hafa-paminaniana ambara. Tokony hisy fifandraisany ny hafatra ao amin'ny rafitry ny fahamarinana ambara. Fanahy iray ihany no nanambara ireo hafa-paminaniana ao amin'ny Soratra Masina rehetra (2 Tim. 3:16). Noho izany, tokony hifandraika amin'ireo fahamarinana voalaza tany aloha ny hafatra vaovao rehetra: "Ho amin'ny lalàna sy ny teni-vavolombelona ihany! Raha tsy miteny araka izany teny izany izy, dia olona izay tsy hiposahan'ny fahazavan'ny maraina." - Isa. 8:20. Na i Kristy aza dia nanambara ireo "teny milaza Azy ao amin'ny Soratra Masina rehetra" - Lio. 24:27, tamin'ny lasa mba hanehoana fa ny hafatra entiny amin'ny maha-mpaminany Azy sy ny sorona ataony amin'ny maha-Mesia Azy dia marina, ary tanteraka araka ny tokony ho izy tokoa ireo faminaniana.

Eny tokoa, miandalana ny fanomezana ny fahamarinana (misy fahamarinana vaovao ambara hatrany arakaraka ny fandrosoan'ny fotoana). Ary manampy hevitra sy tsipiriany amin'ny fahamarinana efa nambaran'ireo mpaminany teo aloha ny mpaminany aty aoriania. Tsy manohitra ny hafatra nomena tany aloha anefa ireo hafatra vaovao.

Marina tokoa fa ny hafatra no zava-dehibe fa tsy ny mpitondra izany, ary olombelona ihany ny mpaminany ka manana ny fahalemeny sy ny fetrany. Miantso antsika anefa i Kristy hijery ny voa eo amin'ny fiainan'ny olona iray milaza azy ho mpaminany rehefa mitsara ny fahamarinany:

"Ny voany no hahafantaranareo azy. Manoty voaloboka amin'ny tsilo va ny olona, na aviavy amin'ny songsongo? Dia toy izany, ny hazo tsara rehetra dia mamaoa voa tsara; fa ny hazo ratsy rehetra dia mamaoa voa ratsy. Ny hazo tsara tsy mety mamaoa voa ratsy, ary ny hazo ratsy tsy mety mamaoa voa tsara. (...) Ka dia ny voany no hahafantaranareo azy." - Mat. 7:16-20.

Na dia tsy miseho eo noho eo aza indraindray ny amboadia masiaka, dia hampischo ny nifiny maranitra avy ao amin'ny sarin-janak'ondry izay iafenany ihany izy, na ho ela na ho haingana.

Mazava loatra fa tokony hiorina eo amin'i Kristy ny mpaminany rehetra, miaiky ny maha-Andriamanitra sy olombelona Azy, ary manandratra ny sorona nataony ho an'ny zanak'olombelona: *"Izao no ahafantaranareony Fanahin'Andriamanitra: Ny fanahy rehetra izay manaiky fa efa tonga tamin'ny nofo Jesosy Kristy no avy amin'Andriamanitra; ary ny fanahy rehetra izay tsy manaiky an i Jesosy dia tsy mba avy amin Andriamanitra; ary izany no fanahin'ny antikristy, izay efa renareo fa ho avy, sady efa eo amin'izao tontolo izao sahady izy."* - 1 Jao. 4:2,3.

Famantarana hafa maneho ny mpaminany marina ihany koa ny fahatanterahan'ny ny hafatra ampitainy ao anatin'ny fe-potoana (2 Mpanj. 6:10-12); ny maha-azo ampiharina ny hafany na tsia (izay mifanohitra amin'ny zavatra manjavozavo sy ny fanaovana ny zavatra rehetra ho ankabobeny); ny voa eo amin'ny fiainan'ireo olona manaraka ny hafany; ary ny fandraisany ny fanambarana amin'ny alalan'nynofy sy fahitana (Nom. 12:6). Tsara anefa ny mahatsiaro fa tsy maneho ny maha-mpaminany marina ny olona iray ny fahitana ny anankiray na ny vitsivitsy amin'ireo famantarana ireo eo aminy. Izany no tsy maha-mpaminany an'i Nebôkadnezara raha jerena ny lafiny rehetra mahakasika io asa fanompoana io, na dia nahazo fahitana avy tamin'Andriamanitra aza izy.

Ny sandan'ny maha-mpaminany marina

Nandritra ireo taona nanompoanay tany amin'ny trano pirinty "South American Spanish Publishing House" dia naharay boky mihoatra ny folo izahay, izay mirakitra hafatra nolazaina fa hafa-paminaniana ho an'ny fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito. Nalefa taminay ny sasany tamin'izy ireo mba handinihanay fotsiny izay voasoratra ao anatiny. Ny sasany kosa tonga teo aminay niaraka tamin'izay nambaran'ny mpanoratra ho baikon'Andriamanitra mba hamoahana izany tsy misy hataka andro. Rehefa nolavina ny famoahana izany dia olona maro no nanome tsiny anay ho amin'ny fahamelohana mandrakizay noho ny tsy nankatoavanay ny toromarika nomeny.

Hitanay avy tamin'izany fa zavatra iray no niraisan'ny ankamaraoan'ireo milaza azy ho mpaminany ireo: hetaheta lalina ny hanekena ny tenany ho mpaminany. Rehefa mandalina ny fanandraman'ireo mpaminanin'ny Baiboly anefa isika dia mahita ny mifanohitra amin'izany: maro tamin'izy ireo no nandà tsy handray ny antso (Jer. 1:6; Isa. 6:5; Eks. 4:10-15), na koa nangataka porofo marobe ny amin'ny tokony hanekeny izany antso izany (Mpits. 6). Ny antony lehibe indrindra tamin'izany dia ny tsy fahafalian'ny olona mandray ny mpaminany (Jer. 20:2; 1 Mpaj. 18). Nifarana tamin'ny nanaterana ny lohany teo ambony lovia volafotsy ny fainan'ny "lehibe indrindra" tamin'ny mpaminany rehetra (Mat. 11:11; 14:1-12). Ireny fanandramana ireny no nampianatra antsika "hizaha toetra ny fanahy" -1 Jao. 4:1, indrindra rehefa miziriziry ny hanekena azy ho mpitondra hafatr'Andriamanitra ireo milaza ny tenany ho mpaminany.

Ny fisian'ny zavatra sandoka rehetra dia midika fa misy ny tena izy. Porofoin'ny firentirentin'ny sandoka tokoa mantsy fa omeny tombambidy ny tena izy, izay tiany hosoloina toerana. Izany no antony anaovan'i Satana ezaka hakana ny toeran'ny mpaminany marina: fantany ny tombambidin'ny hafatra tena avy

amin'Andriamanitra tokoa. Andeha hizaha toetra ny fanahy, nefo aoka tsy hampangina ny feon'ny Fanahy.


Fanahy iray ihany no nanambara ireo hafa-paminaniana ao amin'ny Soratra Masina rehetra; tsy maintsy hifandraika amin'ireo fahamarinana voalaza tany aloha ny hafatra vaovao rehetra.

SOSO-KEVITRA HO AMIN'NY VAVAKA

Raha mandre ireo hafatra avy amin'ny olona samy hafa izay mitonon-tena ho mitondra teny avy amin'Andriamanitra ianao, dia angataho Andriamanitra mba hanampy anao hamantatra ny fahamarinan'ny zavatra ambarany.

Mangataha taridalana sy fahendrena avy amin'ny Fanahy Masina mialoha ny hanekeno ny olona rehetra izay milaza hafatra ara-Baiboly.

Manandrata vavaka rehefa misy "fahamarinana vaovao" tonga ao antsainao, ary diniho amim-pivavahana izany mba hanehoan'ny Fanahy Masina anao ny fahamarinana avy Aminy. Aoka ekenao ny mety tsy hanamafisany izay eritreretinao.



Araka ny tokony ho izy ve ny fomba famakianao ny Baiboly?

Inona no nambaran'i Jesôsy momba ny fomba hanazavana ny teny faminaniana?

Toe-javatra mahatalanjona sy mahaliana no hitantsika ao amin'i Jesôsy. Mitambatra ao Aminy ny faminaniana sy ny mpaminany. Sady fanambarana lehibe indrindra an'Andriamanitra Ray Izy (Jao. 14:9) no mpaminany lehibe (Heb. 1:2), araka ny fiaiken'ireo niara-belona taminy (Jao. 6:14; Lio. 7:16, 17). "Tompoko", hoy mihitsy ny vehivavy samaritana iray "hitako fa mpaminany Hianao." - Jao. 4:19.

Tsy hoe fanambarana no sady mpanao fanambarana fotsiny ihany i Kristy, na hafatra no sady mpitonдра hafatra fotsiny, fa mpanazava lehibe ny Soratra Masina koa. Nampita ireo hafatra mivantana avy any an-danitra Izy amin'ny maha-mpaminany Azy, ary araka ny fomba nentin-drazan'ny sekolin'ny mpaminany dia mpamelabelatratra

sy mpanazava ny Torah Izy. Na dia tamin'ny fahazazany aza dia efa nahavariana ireo mpampianatra ny Lalàna Izy, ka "talanjona izay rehetra nandre Azy noho ny fahalalany sy ny famaliany." - Lio. 2:47. Samy niaiky ny fahefana nananany amin'ny maha-mpamelabelatratra ny Soratra Masina Azy na ny vahoakan'ny Isiraely (Mar. 1:22) na ireo mpitarika ara-pivavahana tany Jerosalema, izay nanome Azy ny anarana hoe Mpampianatra avy amin'Andriamanitra (Jao. 3:2).

Tsy tonga mba hanova ny loharanon'ny fanambarana (ny Lalàna) i Kristy fa hanatanteraka izany (Mat. 5:17), saingy ny iraka nampanaozina Azy anefa dia ny hitondra ny hevitra marin'ny Soratra Masina ho amin'ny vahoaka izay efa niala tamin'ny fomba fanazavana marina sy ny fampiharana tena izy ny fivavahana marina. Koa nampifanoheriny hatrany ny fanazavana ny Soratra Masina tamin'izany andro izany - tamin'ny filazana hoe: "voalaza hoe" (and. 27), na izay takatr'izy ireo mikasika ny zavatra nolazaina taminy - sy ny "Fa Izaho kosa milaza aminareo hoe..." (and. 28). Io no fanazavana marina ny faminaniana.

Ary satria tsy mpampianatra lehibe sy mpaminany fotsiny i Kristy fa ohatra ho antsika amin'ny zava-drehetra koa, dia fahendrena ho antsika ny manaraka ireo fitsipiny mikasika ny fanazavana ny Baiboly eo amin'ny fianarana ataontsika.

Novelabelariny ve izany fitsipika fanazavany ny Baiboly izany tao amin'ireo teny na fampianaranana nataony? Ny fotoana fohy mialoha ny niakarany ho any amin'ny Rainy any an-danitra no manampy antsika hisintona ireo fitsipika mikasika ny fanazavana ny hevitry ny Soratra Masina ireo. Andeha isika hanaraka ny dian'i Jesôsy izay mitarika antsika hamantatra ny tena hevitry ny teny faminaniana. Andeha isika hiara-manao Aminy ilay dia lavita mankany Emaôsy ka hamela Azy hitari-dalana antsika amin'ny alalan'ireo fitsipiky ny fanazavana ny Baiboly, izay hanazava ny saintsika sy hahatonga ny fontsika hangorakoraka.

Ny fitsipika momba ny fanazavana ny Baiboly nampiasain'i Jesôsy

Raha niresaka tamin'ireo mpianatra roa diso fanantenana izay nandeha niverina nankany Emaôsy i Jesôsy ao amin'ny Lio. 24, dia nasehony azy ireo tamin'ny fomba tsotra ireo fitsipika maro mikasika ny fanazavana ny Baiboly, izay efa nomeny ny mpianatra sy ireo mpanara-dia Azy nandritra ny fotoana nanaovany ny asany.

Mampahafantatra antsika ny tantara fa niara-nandeha ireo mpianatra roa lahy ireo, izay nalahelo noho ny fahafatesan'i Jesôsy vao tsy ela akory, satria niara-levona tamin'ny fahafatesany ny fanantenany rehetra momba ny Mesia. Rehefa izay dia niara-nandeha tamin'izy ireo i Jesôsy saingy tsy nahafantatra Azy izy ireo. Rehefa nandre ny nilazan'izy ireo ny anton'ny fahadisoam-panantenany Izy dia namaly hoe: “*Ry adala sy votsa saina ka tsy mino izay rehetra nolazain'ny mpaminany. Moa tsy tokony ho niaritra izany va Kristy ka hiditra any amin'ny voninahiny? Dia nanomboka hatramin'i Mosesy sy ny mpaminany rehetra Izy, ka nanambara taminy ny hevity ny teny milaza Azy ao amin'ny Soratra Masina rehetra.*” - Lio. 24:25-27.

Fitsipika momba ny fanazavana ny faminaniana maro no azontsika sintonina avy amin'ny valintenin'i Jesôsy:

1. *Ny fitsipika araka ny Soratra Masina rehetra.* Tsy nanazava ny fahamarinan'ny asa maha-Mesia Azy araka ny zava-misy nanodidina Azy tamin'ny taonjato voalohany i Kristy, na tamin'ny alalan'ny lovantsofina jiosy izany na tamin'ny filôzôfia grika, izay kolontsaina nibahana tamin'izany andro izany. Tsy izany fa nampiasainy izay “teny milaza Azy ao amin'ny Soratra Masina rehetra.” (and. 27). Izany hoe: nampiasa ny Soratra Masina Izy hanazavana ireo zavatra ambaran'ny Baiboly, dia ny anjara asany amin'ny maha-Mesia Azy. Noho izany, ao amin'ny Soratra Masina rehetra ihany, no ahitana ireo fampahafantarana nilaina mba hanazavana ny Baiboly. Manazava ny tenany ihany ny Soratra Masina.

IKristy mihitsy no nametraka ny toeran'ny Baiboly ho ambony noho ny lovantsofina (Mat. 15:3-6), ary nanasongadina koa ireo mpanoratra hafa fa ny Soratra Masina dia ambony noho ny filôzôfian'olombelona (Kôl. 2:8), sy ny fisainan'olombelona (Ohab. 14:12), ary izay mety antsoin'izao tontolo izao ho fahalalana, izay mety heverina ho siansa koa aza (1 Tim. 6:20).

Ny fomba fiasa siantifika dia mitaky mba ho avy amin'izay tiantsika hotakarina no hanazavantsika ny Baiboly. Ny fiankinana amin'ny filôzôfia mba hampiorenana ny fanazavana ny Baiboly ara-teôlôjia anefa dia midika ho fihatahana amin'ny fitsipika araka ny Soratra Masina iray manontolo. Tsy tokony harahina ny vinavina filôzôfika fa tokony avy amin'ny Soratra Masina ihany ny fitsipika mifehy ny fanazavana azy, mba handikana ireo zavatra ambaran'ny Baiboly.

2. *Ny fitsipika momba ny maha-iray ny Soratra Masina.* Nianarantsika tao amin'ny lahatsoratra voalohan'ity fiaraha-mivavaka ity fa na dia maro aza ny olona nanoratra ny Baiboly tao anatin'ny taonjato maro, dia avy tamin'ny tsindrimandry nomen'ny Fanahy iray ihany izany ary Tenin'Andriamanitra avokoa. Misy firaisansa lehibe sy fifandrindrana, araka izany, eo amin'ireo ampahany rehetra ao anatiny (Mat. 5:17; 2 Tim. 3:16).

Nohamafisin'i Kristy teo anatrehan'ireo mpianatra roa ireo izany fitsipika izany, raha teny an-dalany hankany Emaôsy izy ireo. Koa “*nanomboka hatramin'i Mosesy sy ny mpaminany rehetra Izy, ka nanambara taminy ny hevity ny teny milaza Azy ao amin'ny Soratra Masina rehetra.*” - Lio. 24:27. Niresaka momba an'i Mosesy (ireo bokin'i Mosesy) sy “ny mpaminany rehetra” i Jesôsy, ka nampiasainy tao amin'ny fanazavana nataony ny boky rehetra tao amin'ny Baiboly fantatra tamin'izany andro izany - dia ny Baiboly hebreo izany - mba hanamafisana ny maha-iray ny Soratra Masina.

3. Fitsipika momba ny finoana an'i Kristy sy ny asa aman'andraikiny. Nampiasa ny Baiboly hebreo i Jesôsy mba hanondroana "ny teny milaza Azy ao amin'ny Soratra Masina rehetra" satria ny Soratra Masina rehetra dia "manambara" Azy (Jao. 5:39). Neken'ny TV izany fiheverana izany, amin'ny alalan'ny filazana fa i Kristy no fahatanterahan "ny teny fikasana tamin'ny razana" - Rôm. 15:8, satria "Izy no ambaran'ny mpaminany rehetra" - Asa. 10:43, "Fa na firy na firy ny teny fikasan'Andriamanitra, dia ao Aminy ny eny" - 2 Kôr. 1:20.

4. Ny fitsipika momba ny fikasana hitondra famonjena. Tsy nosoratana mba ho fahafahampon'ny fahalianan'ny saina fotsiny ny Soratra Masina, ka tsy ny handresena amin'ny adihevitra na hanehoana ny fananana ny foto-pampianarana marina no tokony handinihantsika izany. Naneho ny tenany amin'ny maha-Zanak'ondrin'Andriamanitra izay afaka mamonjy Azy i Kristy raha nanambara fa Izy no fahatanterahan'ny teny fikasana rehetra ao amin'ny Soratra Masina. Ny fanambarana ny famonjena atolony no tanjona lehiben'ny Soratra Masina sy hevitra fototry ny fandalinantsika.

Tian'i Jesôsy ny handresen'ireo roa lahy teny an-dalana ho any Emaôsy ireo ny fahakiviana ara-panahy tao aminy. Tiany koa ny hifalian'izy ireo amin'ny vaovao mahafalin'ny fitsanganan'i Kristy izay nandresy ny fahafatesana sy mitondra fiainana mandrakizay. Koa nampiasa ireo fitsipika mifehy ny fanazavana ny faminaniana ireo Izy. Tanterany ny fikasany, satria taorian'ny fianarana ny Baiboly dia niaiky izy roa lahy hoe: "*Tsy nangorakoraka va ny fontsika, raha niresaka tamintsika teny an-dalana Izy ka namoaka ny hevity ny Soratra Masina tamintsika?*" - Lio. 24:32.

Raha manaraka ireo fitsipika napetrak'i Kristy ireo isika dia tsy hoe hahatakatra ny fahamarinana ara-Baiboly fotsiny, fa hamela Azy koa hanilo ny fontsika amin'ny famonjena izay ambaran'ny Soratra Masina fa omeny antsika, izay antony nahatongavany.

I Kristy mihitsy no nametraka ny toeran'ny Baiboly ho ambony noho ny lovantsofina, ary nanasongadina koa ireo impanoratra hafa fa ny Soratra Masina dia ambony noho ny filôzôfian'olombelona.

SOSO-KEVITRA HO AMIN'NY VAVAKA

1. Rehefa mandinika ny Baiboly ianao ka mampiasa ireo fitsipika nampiharin'i Jesôsy amin'ny famakiana ny Baiboly, dia mivavaha mba hanehoan'ny Fanahy Masina anao ireo fifandraisana misy eo amin'ireo andalan-tSoratra Masina izay mitondra fahalalana araka an'Andriamanitra.

2. Mivavaha mba hahatakaranao hatrany hatrany ny fanavotana, mba hitomboan'ny hevitrizany eo amin'ny fifandraisanao amin'i Jesôsy.

3. Angataho ny Fanahy Masina mba hanome anao fijoroana ho vavolombelona mikasika ny tombambidin'ny Soratra Masina eo amin'ny fiainanao izay azonao zaraina amin'ny hafa.

ALAROBIA



Mamafa ny vovoka eo amin'ny lalàna sy ny teny vavolombelona

Ahoana no fomba fiainantsika eo anatrehan'ny teny faminaniana?

Mahalana ihany no nisian'ny fifandraisana tsara teo amin'ny vahoakan'Andriamanitra sy ny mpaminaniny. Raha ny marina dia tsy nazoto tamin'ny fanekena ny antso ireo izay nantsoina ho amin'ny asan'ny mpaminany noho ny fahatsapany fa nanosibohontanana ny hafatra sy ny mpitondra izany ny olona. Raharaha novidina lafo ho an'ny mpaminany, araka izany, ny fitondrana ny teny faminaniana. Nambaran'i Jesôsy fa hampijaliana ny Kristianina, “(...) toy izany ihany no nanenjehany ny mpaminany izay talohanareo.” - Mat. 5:12. Ary izao no fanontanian'i Stefana tamin'ny Sinedriona jiosy: “Iza no mpaminany izay tsy nenjehin'ny razanareo?” - Asa. 7:52.

Izany no fandraisana mampahonena tsy maintsy natrehan'ireo mpaminany. Tsy ny fankahalana ny teny faminaniana ihany tsy akory no fandavana natrehin'izy ireo teo anatrehan'ny vahoakan'Andriamanitra. Niteraka tsy firaihana nihanitonbo hatrany ny fanoherana mahery vaika natao nandritra ny androm-piainan'ny mpaminany anankiray. Nifarana tamin'ny fanadinoana tanteraka izany hafa-paminaniana izany io tsy firaihana io - ary matetika izany no tsy azo nialana. Faharavana sy fihemorana no vokatry ny fanaovan'ny olona tsinontsinona ny teny faminaniana.

Fifohazana marina

Nandritra ny fotoanan'ny fihemorana lehibe sy ny fahafaham-barakan'ny

firenena no nanafahan'Andriamanitra ny hafa-paminaniana tamin'ny fanadinoana, mba hisian'ny fifohazana. Araka izany, izao no nambaran'i Hilkia tamin'ny Safana mpanoratra, nandritra ny fanorenana indray ny tempolin'i Jehôvah tamin'ny andron'i Josia: “Ny bokin'ny lalàna dia hitako tao an-tranon'i Jehovah.” - 2 Tan. 34:15. Toy ny tantara noforonina ny fandrenesana fa feno vovoka tao amin'ny toerana kely iray tsy noraharrahaina tao amin'ny tempoly ny hafa-paminanian'Andriamanitra!

Rehefa nandre izay tao anatin'izany horonan-taratasim-paminaniana izany i Josia, dia niaiky hoe: “*mafy ny fahatezeran'i Jehovah naidiny amintsika noho ny tsy nitandremar'ny razantsika ny tenin'i Jehovah hanao araka izay rehetra voasoratra amin'io boky io.*” - and. 21. Ary fantatry ny rehetra ny tantara. Niantso ny vahoaka rehetra hihaino ny Teny i Josia; nanavao ny fanekeny tamin'Andriamanitra ny mpanjaka sy ny olona; ary azo heverina fa ny Paska miavaka indrina hatrizay no nankalazain'izy ireo, satria “*ny mpanjakan'ny Israely rehetra tsy nisy nitandrina ny Paska tahaka izay nataon'i Josia sy ny mpisorona sy ny Levita ary ny Joda rehetra sy ny Israely izay vory teo ary ny mponina tany Jerosalema.*” - 2 Tan. 35:18.

Toe-javatra tahaka izany no nitrange tamin'ny andron'i Nehemia, rehefa namaky ny Lalàna teo anatrehan'ny olona i Ezra. Tamin'ny andro tahaka izany ihany (andro voalohany amin'ny volana fahafito - noho ny faniriana ny hamerenana ny fanandraman'i Josia angamba), “*dia nentin'i Ezra mpisorona ny lalàna (...) ho eo anatrehan'ny fiangonana, (...) dia novakina teo ankalalahana teo anoloan'ny vavahadin-drano izy hatramin'ny vao maraina koa ka ambara-pitataovovan'ny andro (...); ary ny olona rehetra dia nampandry sofina hihaino ny bokin'ny lalàna.*” - Neh. 8:2, 3. Nitohy ny fifohazana, roantokombolana taty aoriania: “*(...) dia niangona ny Zanak'Israely sady nifady hanina (...) dia namaky ny teny tao amin'ny bokin'ny lalàna'i Jehovah Andriamaniny tamin'ny ampahefatra*

ny andro; ary tamin'ny ampahefatra ny andro koa dia nitsotra sy niankohoka teo anatrehan'i Jehovah Andriamaniny izy." - Neh. 9:1-3.

Narahin'ny fanavaozana izany fifohazana izany: Ary izy ireo "dia samy nikambana tsara tamin'ny andriandahy rahalahiny ka niozona sy nianiana hanaraka ny lalàn'i Andriamanitra, (...) ary hitandrina sy hankatò ny didy rehetra izay nataon'i Jehovah (...)" - Neh. 10:30. Nanome toky izy ireo fa tsy hiharoharo amin'ny firenena jentilisa, hitandrina ny Sabata araka ny baikon'Andriamanitra, hanampy ny hafa, hanohana ny tempoly sy ny asa fanompoana atao ao, ary hamerina ny ampahafolony sy ny fanatitra (and. 30-40).

Mitranga izany rehetra izany rehefa esorintsika ny vovoka manarona ny Teny faminaniana ka hampiharintsika eo amin'ny fainantsika ny sitrapon'Andriamanitra.

Manala ny vovoka eo amin'ireo mpaminaniny

Araka ny fanadihadiana natao tamin'ny membran'ny fiangonana maneran-tany tamin'ny 2018, dia 48 isan-jaton'ny Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito eran'izao tontolo izao no mandinika ny Baiboly isan'andro.1 Mety maneho toejavatra miabo na miiba izany salan'isa izany, arakaraka ny olona iresahanao, kanefa hita mazava fa manana toerana ho an'ny fivoarana ny fiangonana raha ny fahazarana mamaky ny Baiboly no resahina. Ny Baiboly no afaka mitondra fahazavana sy fanantenana ho an'ny fainantsika, eo anatrehan'ny fahamaizinana eto amin'izao tontolo izao. Manampy antsika koa izany mba hitarika ny hafa ho eo amin'i Jesôsy, ary manazava ny lalantsika mankany andanitra: "Ary manana ny teny faminaniana atao mafy orina kokoa isika; koa raha mandinika izany hianareo, dia manao tsara, fa toy ny jiro mahazava ao amin'ny fitoerana matzimaizina izany, mandra-pahazavan'ny andro, ka miposaka ao am-ponareo ny fitarik andro" - 2 Pet. 1:19.

Fironana ao anatintsika ny miankina amin'ny fahalalantsika, ny herintsika na ny fahendrentsika, hany ka hadinontsika fa mamitaka ny fo (Jer. 17:9). Ny hany antoka ho antsika, araka izany, dia ny fatokantsika ny teny faminaniana: "*Minoa an'i Jehovah Andriamanitrareo, dia ho tafatoetra hianareo; minoa ny mpaminaniny, dia hambinina hianareo.*" - 2 Tant. 20:20. Eny tokoa, azon'ny Soratra Masina atao ny mamelembelona indray ny fanahintsika, ny mampahendry antsika, ny mitondra fifaliana ho an'ny fontsika, ary ny manome antsika ny fihetsika sahaza manoloana ny fainana: "*Tsy misy tsiny ny lalàn'i Jehovah, mamelembelona ny fanahy; mahatoky ny teni-vavolombelon'i Jehovah, mahahendry ny kely saina. Mahitsy ny fandidian'i Jehovah, mahafaly ny fo; madio ny didin'i Jehovah, mampahazava ny maso*" - Sal. 19:7, 8.

Fitsipika telon'ny "Shema"

Vitsy amintsika, raha misy, no tsy nanana olana teo anivon'ny fianakaviana tamin'ny lasa. Ahitana fifandraisana tsy tomombana eo amin'ny fainan'ny olona iray izay nisafidy ny hiala amin'ny toromarika nomen'Andriamanitra. Miteraka alahelo sy fahoriania izany na dia fanafody mitondra fanasitranana sy famelan-keloka ho an'ny fainantsika aza ny fitiavan'Andriamanitra. Tsy ilain'iza na iza anefa ny hampaharitra izany sary ratsy nolovaina izany. Azontsika rehetra atao ny hanana toetra voaova, ary mandritra ny androm-piainantsika dia azontsika ovana ny fironan'ny taranaka iray manontolo. Afaka manao izany isika raha toa ka manapa-kevitra ny hiala amin'ireny toetra sy fitondrantena ratsy ireny ka hiaina amimpinoana araka ny teny faminaniana.

Ny hoe miaina amim-pinoana dia midika ho fanaovana ny sitrapon'Andriamanitra tsy amim-pisalasalana ny amin'izay mety hizorany, na dia tsy takatsika aza ny tanjon'izany tamin'ny lasa ary tsy hitantsika ny lalana izay miandry antsika. Ahoana moa no hahatanerahana izany? "Mba hiainanao

ao amin'ny mazava, dia tsy maintsy manatona izay hiposahan'izany ianao.”²² Ny fanalahidy dia ny famelana ny tenantsika “hovonjen’ny [fahazavana], ny miaina amin’ny fahafenoana araka izany, ary ny mamindra izany amin’ireo izay ao amin’ny maizina.”²³

Rehefa nanapa-kevitra ny hanorina ny ankohonantsika isika, dia nikatsaka ny hankatò ny baikon’ny “shema” eo amin’ny fainantsika andavanandro:

“Mihainoa, ry Isirael: Jehovah Andriamanitsika dia Jehovah iray ihany. Ary tiava an’i Jehovah Andriamanitrap amin’ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra ary ny herinao rehetra. Ary aoka ho ao am-ponao izao teny andidiako anao anio izao. Dia ampianaro tsara ny zanakao izany, ary resaho, na mipetraka ao an-tranonao hianao, na mandeha any an-dàlana, na mandry, na misoha; ary fehezo ho famantarana eo amin’ny tânanao ireny, ary aoka ho fehy fampahatsiarovana eo ambonin’ny handrinao, ary soraty eo amin’ny tolam-baravararan’ny tranonao sy eo amin’ny vavahadinao.” - Deo. 6:4-9.

Mirakitra fitsipika telo hihazonana ny fahazavan’ny teny faminaniana hamirapiratra eo amin’ny fainanao io lahatsoratra io.

Voalohany, miresaka momba ny laharam-pahamehana izany. Andriamanitra no tokony ho lohalaharana ao am-pontsika (and. 5).

Faharoa, mandrisika antsika hanokana fotoana ho an’ny Tenin’Andriamanitra izany. Tokony hamaky izany isika ary tokony hiresaka momba izany, manomboka amin’ny maraina mandra-pahalina ny andro (and. 6,7).

Fahatelo, miresaka momba ny hery miasa mangina izany. Tokony ho eo akaiky mandrakariva ny Tenin’Andriamanitra ary tokony ho hery miasa mangina lehibe izay miditra ao an-tsaintsika amin’ny alalan’ireo fantson’ny fanahy (and. 8,9).

Araka izany, raha manokana fotoana bebe kokoa isika ho amin’ny hery miasa mangina avy amin’ny Tenin’Andriamanitra, dia ho araka ny tokony ho izy ny laharam-pahamehantsika, ary hanjaka ao amin’ny fainantsika sy ny tokantranontsika Andriamanitra.

Taridalana azo antoka ho an’izao androntsika izao

Tombontsoa roa tonta no ananantsika amin’ny maha-Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito antsika: tsy ny Baiboly fotsiny - izay fenitry ny finoantsika sy ny fanaontsika –no ananantsika, fa ny fanehoana ny fanomezam-pahasooavan’ny faminaniana amin’izao androntsika izao koa, izay hita ao @ teny vavolombelon’i Ellen White. Nahoana izany no atao hoe tombontsoa? Satria 2 000 taona eo ho eo aty aorian’ny nanoratana ireo lahatsoratry ny Baiboly, dia ananantsika ny fitarhan’Andriamanitra mikasika ny fomba hampiharana ny Soratra Masina ho amin’ny tontolon-kevitra môderina misy antsika sy ho amin’ny iraka ampanaorina antsika amin’ny andro farany.

Efa nahazo tombontsoa ny fianakavantsika tamin’ny famakiana sy fampiharana ireo asa soratr’i Ellen White. Ny Hafatra ho an’ny Tanora sy ny “Letters to Young Lovers” (Taratasy ho an’ny mpifamofo) dia mampirisika antsika hivavaka amim-pahiratan-tsaina mba hananana tokantrano miorina amin’ny fahatahorana an’Andriamanitra. Ny “Child Guidance” (Fitaizana ny zaza), “Education” (Fanabeazana), ary ny “The Adventist Home” (Ny Tokantrano Advantista) dia mbola loharanon-taridalana mafonja hatrany eo anatrehan’ireo petra-kevit’olombelona hita etsy sy eroa mikasika ny fanabeazana ny ankizy. Ho fanampin’izany dia deraintsika amin’ny fahafenoany ireo toroheviny efa an-jato taona mikasika ny sakafio sy ny fahasalamana mba hananana fomba fainana ara-pahasalamana.

Iray amin'ireo fanandramana mamelembelona indrindra izay miorina eo amin'i Kristy eo amin'ny dia ara-panahy ataontsika ny famakiana ny boky Ny Dia ho eo amin'i Kristy sy Ilay Fitiavana Mandresy. Ny Mind, Character, and Personality (ny saina, ny toetra ary ny maha-izy) kosa dia manosika antsika hametraka ny fenitra ho ambony mba hampatanjaka ny fifehezan-tenantsika sy hihazona ny fahazaram-pisainantsika mba hahafaly an'Andriamanitra.

Namolavola sy nanamafy ny toritenintsika ireo fampiharana omen'i Ellen White miorina amin'ny Baiboly sy ny fomba fanazavany ny Baiboly. Mbola mahatalanjona antsika hatrany ny halalin'ny fomba fijeriny arateôlôjia, ka aoka hotsaroantsika ihany koa fa izany no nanampy antsika hihazona ny firaisan'ny fiangonantsika raha nenjehin'ny fahavalao nandritra ny taona maro isika.

Fihaihana ho an'ny hoavy

Raha eo am-panohizana ny tolona ho fanarahana ny fitarihama ara-paminaniana azo antoky ny Baiboly sy ny asa soratr'i Ellen White isika, dia taranaka iray manontolo no vonona sy miandry ny hobaboina any ivelany any. Mampanano sarotra izany fihaihana izany ny salan'isa ambany eo amin'ny famakian'ireo taranaka vaovao boky, miampy ny fifinaninana amin'ny finday avo lenta sy ireo efijery ("écran") hafa.

Eo an-tokonam-baravararan'ny mandrakizay isika. Koa na dia eo amin'ny tontolo iray izay mampivoivoy ny rivotry ny fisainana sy ny fampianarana maro aza isika, dia manana vatoantsika azo antoka ao amin'ny Teny faminaniana, ary manana toromarika mazava tsara mba hahatrarantsika ilay fitodian-tsoa. Aoka ny fahazavany hitsilo ny lalantsika sy ny an'ny hafa, mandra-piposaky ny Kintan'ny Maraina.

Ny Baiboly no afaka mitondra fahazavana sy fanantenana ho an'ny fainantsika, eo anatrehan'ny fahamaizinana eto amin'izao tontolo izao. Manampy antsika koa izany mba hitarika ny hafa ho eo amin'i Jesôsy, ary manazava ny lalantsika mankany an-danitra.

SOSO-KEVITRA HO AMIN'NY VAVAKA

1. Mivavaha ny amin'ny toetranao manoloana ny lalany sy ny fanekenao ny hankatò.

2. Derao Andriamanitra, amin'ny Salamo tahaka izay nataon'i Davida, noho ny fahazavana izay apetrany eo amin'ny lalanao, amin'ny alalan'ny fitarihany sy ny baikony.


3. Angataho amim-bavaka Andriamanitra mba hampamirapiratra ny fahazavany ka hitondra akony ho amin'izao tontolo izao sy ny zava-tsarotra eo aminy, indrindra amin'ny alalan'ny teny faminaniana'ny Baiboly sy ny asa soratr'i Ellen White.

1- Jereo ny "Reaching the World: how did you do?" ampanhatratiry ny tsoa-kevitra avy tamin'ny fanadihadiana natao tamin'ny mambran'ny fiangonana maneran-tany 2018, izay hita ao amin'ny www.adventistresearch.org/sites/default/files/files/AC2018%20-%20Global%20Church%20Member%20Survey%20Data%20Report.pdf.

2- Ellen G.White, Testimonies for the Church (Mountain View, Calif: Pacific Press Pub. Assn., 1948), b. 4, t. 106.

3- Mitovy amin'ny teo aloha, b. 2, t. 123.

ALAKAMISY



Mpaminany marina sy sandoka, taloha sy ankehitriny

Voafetra ho amin'ny lasa ihany ve ny fanomezam-pahasoavan'ny faminaniana?

Taorian'ny fanompoam-pivavahana tao am-piagonana, dia nametraka izao fanontaniana mivantana sy mazava izao ny tanora iray: “Nahoana Andriamanitra no tsy miteny amiko?”

Ny valinteny tsotra ho an’izany dia izao: miteny amin’ny tsirairay avy amintsika amin’ny alalan’ny Baiboly Andriamanitra. Naniry ny hahafantatra anefa ity tovovavy ity hoe nahoana Andriamanitra no tsy miteny aminy.

Mpino maro no manontany tena ny amin’ny antony tsy hitenenan’Andriamanitra aminy mivantana amin’izao andro izao. Marina tokoa fa niteny tamintsika Andriamanitra tamin’ny lasa tamin’ny alalan’ny mpaminany ary indrindra tamin’ny alalan’ny Zanany lahy (Heb. 1:1). Koa

mety hanontany isika hoe: nahoana no tsy miteny amintsika amin’izao androntsika izao Izy? Ho famaliana io fanontaniana io, dia hodinihintsika raha toa ka nitsahatra niaraka tamin’ny fifaranan’ny Baiboly iray manontolo ny fanomezam-pahasoavan’ny faminaniana, na nanangana mpaminany Andriamanitra nanomboka tamin’izany andro izany na hanao izany amin’ny hoavy.

Fanomezana niato hoe?

Fomba fiery roa mifanohitra no hita mikasika ny fananan-kerin’ny fanomezam-pahasoavan’ny faminaniana. Inoan’ireo mpandala ny “cessationisme” fa ny fanomezam-pahasoavana tahaka ny fiteny tsy fantatra, ny faminaniana, ary ny fanasitranana dia nitsahatra taorian’ny andron’ny apôstôly. Araka izany fomba fiery izany, ireo fanomezana ambonin’ny herin’olombelona ireo dia natao hiasa ho famantaranana tao amin’ny tontolon-kevitry ny fipoiran’ny fiagonana kristianina sy fiantombohan’ny fielezan’ny filazantsara ihany. Ny “continuationisme” no fomba fiery mifanohitra amin’izany, izay mampianatra fa azon’ny Fanahy Masina atolotra amin’ny fotoana rehetra ny fanomezam-pahasoavana, amin’ny olona ankoatra ireo mpianatra 12 tany am-piandohana.

Lavin’ny “cessationisme” ny hiverenan’ireo fanomezam-pahasoavana ireo, ka ampiasainy amin’izany ny fotokevitra hoe ny “Soratra Masina irery ihany”, ary ireto hevitra telo ireto no tsipihiny amin’izany: (1) mifarana tanteraka ny Baiboly, tsy misy tohiny intsony; (2) manana fahefana tsy mety diso sy ampy ny Baiboly; ary (3) fenitra tonga lafatra ny Soratra Masina mba hitarihana ny fiagonana. Raha lazaina amin’ny teny hafa dia inoan’izy ireo fa ampy hitari-dalana ny fiagonana mandrapiavin’ny farany ny fanambarana nomena ao amin’ny Baiboly iray manontolo.

Ankoatra ny fampianarana ny Teny sy fampahafantarana ny sitrapon’ Andriamanitra amin’ny maha-asa mitohy izany anefa, dia

matetika koa ny mpaminany no nirahina hiatrika toe-java-tsarotra. Nandritra ny fotoan-tsarotra, noho ny antony avy any ivelany na ny fihemorana ao anatin'y, dia nitondra taridalana ny mpaminany, teo anivon'ny fifanandrinana sy ny savorovoro tao anatin'ireny toe-javatra manokana ireny. Nitondra hafatra manokana tamin'ny fotoana voatondro ao amin'ny drafi-panavotana koa izy ireny.

Tsy lasa ampahany amin'ny fitantaran'ny Baiboly iray manontolo ny sasany tamin'ireny mpaminany ireny (ohatra: Natana, Ahija, ary Ido [2 Tant. 9:29]). Nanan-kery sy namehy ny olona tamin'ny androny ny zavatra nambara na nosoratan'ny mpaminany tsy manana boky ao amin'ny Baiboly (2 Sam. 12:7-15), satria miorina amin'ny tsindrimandry nampisy azy ny fahefan'ny asa soratra arapaminaniana iray. Tsy nomena mba hisolo toerana ny fijoroana ho vavolombelona nataon'ireo mpaminany ao amin'ny fitambaran'ny Baiboly ny fanomezam-pahasoavana natolotra ireo mpaminany tsy ao anatin'izany, fa natao hanomezana fahafaham-po ny zavatra manokana nilain'ny vahoakan'Andriamanitra. Tsara anefa ny manamarika fa nifanaraka tamin'ny fanambarana nataon'Andriamanitra tamin'ny mpaminany ao amin'ny fitambaran'ny Baiboly ny fampianaran'ny mpaminany tahaka izany.

Tamin'ny andron'i Jaona ilay mpanao fanambarana no nanakatonana ny Baiboly, ka tsy azo nampidirana intsony ireo boky hafa avy tamin'ny tsindrimandrin'Andriamanitra. Izao no fanontaniana apetratsika amin'izao andro izao: moa ve misy mpaminany nirahin'Andriamanitra taorian'ny nanakatonana ny fitambaran'ny Baiboly? Mety hisy mpaminany ve amin'izao andro izao na amin'ny hoavy?

Fanomezana maha-te haniry

Manome toerana manan-danja ho an'ny fanomezam-pahasoavan'ny faminaniana eo anivon'ireo fanomezana avy amin'ny Fanahy

Masina ny Testamenta Vaovao. Nisy fotoana aza nanomezan'ny apôstôly Paoly an'izany ny toerana voalohany ao amin'ireo asa mahasoa indrindra ny fiangonana, ary indroa izy no nametraka izany teo amin'ny laharana faharoa (jereo ny Rôm. 12:6; 1 Kôr. 12:28; Efes. 4:11). Ankoatra izany, mampirisika ny mpino izy mba haniry fatratra izany fanomezana izany (1 Kôr. 14:1, 39), na dia manolotra ny fanomezana araka ny sitrapony mandrakariva aza ny Fanahy Masina.

Indroa i Paoly no nanondro fa nanendry mpaminany tao amin'ny fiangonana Andriamanitra (1 Kôr. 12:28; Efes. 4:11). Ho fanampin'izany dia nohamafisiny fa natsangana teo amin'ny fanorenan'ny apôstôly sy ny mpaminany ny fiangonan'ny Testamenta Vaovao (Efes. 2:20). Ireo no mpaminanin'ny Testamenta Vaovao, araka izay nambaran'i Paoly ao amin'ny Efes. 3:4,5, satria nambaran'ny Fanahy tamin'ny apôstôly sy ny mpaminany ny zava-miafina momba an'i Kristy, izay tsy fantatr'ireo taranaka tany aloha. Tsoahintsika avy amin'izany fa tsy voafetra teo amin'ireo boky natambatra ho Baiboly ihany ny fisehoan'ny fanomezam-pahasoavan'ny faminaniana.

Fanomezana ho an'ny andro farany

Nambaran'i Jesôsy fa hisy mpaminany sandoka izay hilaza fa maminany amin'ny anarany (Mat. 7:15-23). Hiasa mafy ireo mpaminany sandoka ireo amin'ny andro farany, ka haneho famantarana sy fahagagana, ary hiezaka hamitaka na dia ireo olom-boafidy aza (Mat. 24:24). Nanao izany fampitandremana izany i Jesôsy satria hisy faminaniana sandoka hipoitra amin'ny andro farany, izay hifanohitra amin'ny fanomezam-pahasoavana tena izy.

Niresaka manokana momba ny andro farany i Joela ka nanambara tamin'ny faminaniana fa hirotsaka betsaka amin'ny olony ny Fanahin'Andriamanitra. Hiseho amin'ny tanora izany firotsahan'ny Fanahy izany ka hahazo fahitana izy ireo, amin'ny antitra ka hanonofy izy ireo, ary amin'ny

zanakalahy sy ny zanakavavy ka haminany izy ireo (Joe. 3:1,2). Ahoana moa no ahafantarantsika fa miresaka manokana momba ny andro farany i Joela? Satria miresaka fe-potoana ho amin'ny fishehoan'ny fanomezam-pahasoavan'ny faminaniana ny faminaniana. Niresaka momba ny toe-javatra tsy fahita eto amin'izao tontolo izao tahaka ny masoandro hohamaizinina sy ny volana tonga ra izy. Ambarany ihany koa ny amin'ny loza maro eto ambonin'ny tany, izay faritana amin'ny fomba tsy takatry ny saina tahaka ny "rà sy afo ary setroka mitankosina." Izany rehetra izany no hialoha ny "*andron'i Jehovah, izay sady lehibe no mahatsiravina.*" - Joe. 3:3,4.

Ampifandraisin'i Paoly apôstôly amin'ny fanandraman'ny Pentekôsta ny faminanian'i Joela (Asa. 2:16-21), izay mampifandray ny fanomezam-pahasoavan'ny faminaniana amin'ny fanomezam-pahasoavan'ny fiteny tsy fantatra. Nahoana? Voaresaka ao amin'ny tontolon-kevity ny loha-orana sy ny fara-orana ny faminanian'i Joela mikasika ny fanomezam-pahasoavan'ny faminaniana amin'ny hoavy (Joe. 2:23-27; 3:1-5). Nantsoina hoe loha-orana ny oram-pararano, izay mampitsimoka ny voa sy mampamaka azy. Ny oran-dohataona izay manamasaka ny voa sy manomana ho amin'ny fijinjana kosa no nantsoina hoe fara-orana. Mampiasa ireo toe-javatra mikasika ny tsingerim-pambolen'ny Palestinianina ireo ny Testamenta Taloha ho tandindon'ny fanomezam-pahasoavan'ny faminaniana izay atolotr'Andriamanitra ho an'ny olony amin'ny alalan'ny Fanahiny (Hôs. 6:3).

Niaina ny fanandraman'ny loha-orana i Petera sy ireo apôstôly hafa. Ho avy miaraka amin'ny herin'ny Fanahy mitovy amin'izany koa ny fara-orana, ary ho hita eo amin'ny vahoakan'Andriamanitra ny fanomezam-pahasoavan'ny faminaniana. Amin'izao andro izao, raha miandry ny fiverenan'i Jesôsy tsy ho ela isika "*sisa (...) izay antsoin'i Jehovah*" - Joe. 3:5, dia asaina mba hanandrana ny fara-orana ara-panahy isika. Ho betsaka noho ny

voalohany ny firotsahan'ny Fanahy Masina amin'izany fotoana izany, ka "*haminany ny zanakalahinareo sy ny zanakavavinareo, ny lahiantitrareo hanonofy, ary ny zatovonareo hahita fahitana*" - Joe. 3:1.

Nampitandrina ny amin'ny mpaminany sandoka i Jesôsy satria hisy faminaniana sandoka hipoitra amin'ny andro farany, izay hifanohitra amin'ny fanomezam-pahasoavana tena izy.

SOSO-KEVITRA HO AMIN'NY VAVAKA

1. Ento amim-bavaka manokana ny hahitana ireo faminanian'ny Testamenta Vaovao izay miantefa amin'izao androntsika izao.
2. Angataho Andriamanitra hametraka ny fahamarinany mazava ao an-tsainao mba hahatonga anao tsy ho voafitaky ny sandoka feno hafetsena.
3. Ambarao amin'Andriamanitra ny fanapanahan-kevitrao ny hatoky Azy mba hitari-dalana anao amin'ny zavatra rehetra sy hiaro anao amin'ny loza mananontanon'ny mpaminany sandoka.



Olon'ny fahazavana lehibe kokoa sy fahazavana kely kokoa

**Nahoana Andriamanitra no nanangana
mpaminany mba hitarika ny fiangonana
sisa?**

Matetika aho no mifanerasera amin'ny mpitandrina avy amin'ny antokom-pivavahana hafa mandritra ireo favorian'ny Fikambanana Mampiely Baiboly any Argentine. Tamin'ny fotoana iray dia naneho fahalianana ny amin'ny toetry ny fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito ankehitriny ny iray tamin'izy ireo. Fantany ireo sahan'asantsika ara-panabeazana sy arapahasalamana, ary naneho ny fitalanjonany noho ny fitomboan'ny fiangonantsika any Amerika Atsimo izy. Tany ho any amin'ny fiafaran'ny resadresakay dia nilaza tamin'ny fomba tsy rototra izy hoe: "Malahelo fotsiny aho fa i Ellen White no ataoareo ho mpaminany". Matetika tokoa io no aroson'ireo namantsika ao amin'ireo antokom-pinoana evanjelika ho teboka mampisalasala.

Inona marina no lova navelan'i Ellen White ho an'ny fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito? Ary inona no lanjan'ny asa sorany ho an'ny fiangonantsika,

amin'izao fotoana izao? Hiezaka hamaly ireo fanontaniana ireo isika eto, amin'ny fomba izay hahafahantsika mandinika ireo fanontaniana ireo amin'ny maha-fiangonana antsika.

Ny lova navelany

Ny fandavana ny lova navelan'i Ellen White ho an'ny Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito dia ho tahaka ny fiahiahiana ny lanjan'i Lotera ho an'ny Loterianina, na ny lanjan'i John sy Charles Wesley ho an'ny Metôdista. Manan-danja manokana tokoa mantsy izy noho ny niarahany nanorina ny fihetsehana izay lasa fiangonana Advantista, saingy mbola mihoatra noho izany ny lanjany ho an'ny fiangonana.¹ Ny asa sorany no manolotra ny fototra filôzôfika sy teôlôjika ampiorenana ireo sahan'asa ara-panabeazana sy ara-pahasalamana izay nampitolagaga ireo pasitoran'ny fiangonana hafa. Raha tsy teo ny vina sy ny fitarihana ary ny fanoloran-tena manokana nananan'i Ellen White (ankoatra ny ezaka nataon'i James White sy Joseph Bates), dia "tsy nisy fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito ankehitriny"². Nidera ireo sahan'asa ireo ilay pasitora nihaona tamiko, kanefa koa nitsikera ny olona izay nametraka ny fotony. Hevitra mifanohitra manao ahoana re izany e!

Tsy hoe olona hentitra nahazo fahitana fotsiny i Ellen White. Nandray ny tenany ho "mpitondra ny hafatr'Andriamanitra"³ koa izy. Midika izany fa nitana andraikitra fototra teo amin'ny fipoiran'ity antokom-pivavahana ity sy ny firoboroboany ny fiantsoana azy sy ny iraka notanterahiny. Tsy nandeha ho azy amin'izao anefa ny fanekena io fanambarana io. Ireo mpiarabelona taminy, sy ny taranaka mpino Advantista vaovao nanomboka tamin'izany dia nanadihady ny asa sorany sy ny asa fanompoano, tamin'ny fampiharana taminy ireo sedra ara-tSoratra Masina mba hanekena ny olona iray ho mpaminany.⁴ Voambara ao amin'ny laharana faha-18 amin'ny foto-

pinoan'ny fiangonana Advantista io fanekena azy ho mpaminany io.⁵

Ny asa soratr'i Ellen White sy ny fampianarany dia mahafaoka karazana olana amin'iazo fotoana izao, izay azo aroso ho porofon'ny lanjany.⁶ Ity misy ohatra iray: ny toroheviny momba ny fahasalamana ara-batana sy ara-tsaina ary ara-panahy – ampiarahina amin'ny asa fanompoan'i Jesôsy telo sosona, dia ny fanasitranana sy ny fampianarana ary ny toriteny – dia nahatonga ireo mambra ao amin'ny fihetsehana Advantista ho iray amin'ireo "vahoaka" ela velona sy salama indrindra eto an-tany.⁷

Ny fandraisany anjara lehibe indrindra

Mitaky fifantohana amin'ny tsipirianjavatra ny fandikana ny asan'i Ellen White avy amin'ny fiteny anglisy ho amin'ny fiteny hafa. Ny teniny manokana dia mifangaro haro be ihany amin'ny andalan-tenin-tSoratra Masina tsy tambo isaina, izay na averiny manontolo na ataony amin'ny fomba fiteniny manokana. Ampiasainy ireny andalan-teny ireny mba hanohanany ny asa sorany. Noho izany, tena zava-dehibe ny fahaizana manavaka ny teniny sy ireo andalan-teny ao amin'ny Baiboly. Ny teniny ihany no tokony hadika amin'ny fiteny izay ilaina, fa ny andalan-teny avy ao amin'ny Baiboly kosa avy hatrany dia averina adika amin'ny dikan-teny ilaina. Manamafy ny fanomezan'i Ellen White lanja ny Baiboly ho fototry ny hafatra ampitainy io zava-misy io.

Fantany fa ny votoatin'ny hafatra nampitainy dia ny mampihatra ny hafatry ny Baiboly amin'ny vahoakan'Andriamanitra amin'ny andro farany. Ambonin'izany rehetra izany, nazava ny teniny fa ny hafany dia "fahazavana kely kokoa", nokendrena hitarika ny olona ho amin'ny "fahazavana lehibe kokoa", dia ny Soratra Masina.⁸ Nilaza izy fa milefitra eo ambanin'ny fahefan'ny Soratra Masina ny hafany, ka nanasa ny mpihaino sy mpamaky azy izy mba hianatra ny Baiboly ary hampihatra ny hafatra entiny (entin'i Ellen White).⁹ Tamin'ny fivoriana fiheveran-draharahan'ny Foibem-pitantana

Maneran-tany farany natrehiny, tamin'ny 1909, raha niteny teo anoloan'ny solontena nanatrika ny fivoriana izy, dia nakariny teo anatrehan'izy ireo ny Baiboliny ka niteny izy hoe: "Ranadahy sy rahavavy, manosokevitra anareo aho mba hamaky ity Boky ity."¹⁰

Ny fomba tsara indrindra ahafahantsika Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito amin'ny taonjato fahiraika amby roapolo manome voninahitra ny lova navelan'i Ellen White dia ny fanohizana ny fahafantarana antsika hoe: "olon'ny Boky", olona izay tia an'i Jesôsy sy manandratra ny Baiboly ho filamatry ny finoana sy ny fanao.

Fantatr'i Ellen White fa ny votoatin'ny hafatra nampitainy dia ny mampihatra ny hafatry ny Baiboly amin'ny vahoakan'Andriamanitra amin'ny andro farany.

SOSO-KEVITRA HO AMIN'NY VAVAKA ATAO

1. Mivavaha amin'Andriamanitra ho fangatahana fahazavan-tsaina momba ny mpaminaniny farany, i Ellen White, sy momba ny fomba anirian'ny Fanahy Masina anovana ny fiainanao amin'ny alalan'ny asa sorany.

2. Mangataha fanampiana amin'ny Tompo mba hanokanana anao indray ho amin'ny fianarana isan'andro ny Teniny sy ho amin'ny fampiharana izany isa-minitra.

3. Miderà an'Andriamanitra noho ny fanambarana betsaka nomeny ho fampiorenana antsika ara-panahy, ka hanampiana antsika hiatrika ireo fihaike amin'ny andro farany.

1 Nanorina antokom-pivavahana iray i Ellen White (niaraka tamin'i Joseph Bates sy i James White) tamin'ny taona 1863. 3 500 teo ho eo ny isan'ny mambra tamin'izany fotoana izany, saingy nitombo ho fiangonana maneran-tany misy mambra vita batisa efa ho 21 tapitriza izany ankehitriny.

2 George R. Knight, Meeting Ellen White: A Fresh Look at Her Life, Writings, and Major Themes (Hagerstown, Md.: Review and Herald Pub. Assn., 1996), t. 59.

3 Hoy izy: "Mpitondra hafatry ny Tompo nandritra ny dimapolo taona aho, ary mbola hitondra hatrany ny hafatra omen'Andriamanitra ahy hampitaina amin'ny olony aho, raha mbola haharitra ny androm-piaainako." - Selected Messages (Washington, D.C.: Review and Herald Pub. Assn., 1980), b. 3, t. 71.

4 "Ny faneken'ny Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito ny fanehoana amin'izao vanin'andro izao ny fanomezam-pahasoavan'ny faminaniana [araka izay hita eo amin'ny asa fanompoan'i Ellen White] dia mifototra amin'ny Baiboly sy ny fampianarany. (...) Ny fanomezam-pahasoavana nananan'i Ellen White, araka izay ninoan'ireo Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito voalohany, dia anisan'ny fanehoana marina ny fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy ao amin'ny Baiboly." - Theodore N. Levterov, Accepting Ellen White: Early Seventh-day Adventists and the Gift of Prophecy Dilemma (Nampa, Idaho: Pacific Press Pub. Assn., 2016), tt. 88,89.

5 "Ambaran'ny Soratra Masina fa iray amin'ireo fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy ny faminaniana. Marika amantarana ny fiangonana sisa io fanomezam-pahasoavana io, ary mino isika fa naseho teo amin'ny asa fanompoan'i Ellen G. White izany. Miteny amin'ny fahefana ara-paminaniana ny asa sorany, no sady manolotra fampaherezana sy taridalana sy toromarika ary fanitsiana ho an'ny fiangonana. Ambaran'izany mazava tsara koa fa ny Baiboly no filamatra tsy maintsy isedrana ny fampianarana sy ny fanandramana rehetra. (Nom. 12:6; 2 Tant. 20:20; Joe. 2:28,29; Amô. 3:7; Asa. 2:14–21; 2 Tim. 3:16,17; Heb. 1:1–3; Apôk. 12:17; 19:10; 22:8,9.)" - Seventh-

day Adventists Believe: A Biblical Exposition of Fundamental Doctrine (Silver Spring, Md: General Conference of Seventh-day Adventists, 2018), t. 253.

6 Ny asa sorany dia mahafaoka boky mihoatra ny roapolo (tsy tafiditra ao anatin'izany ireo boky nampitambarana ny sasany tamin'ireo asa sorany), sy trakta sy bokileky teo ho eo amin'ny roanjato, miampy lahatsoratra mpivoaka ara-potoana mihoatra ny dimy arivo, taratasy nosoratana tamin'ny milina sy natao soratanana samihafa eo ho eo amin'ny enina arivo, ary gazety sy tantaram-piaainana maro. Ireo rehetra ireo dia mitontaly eo ho eo amin'ny asa soratra misy takila iray hetsy, novokarina nandritra ireo fitopolo taona nanaovany ny asa fanompoany (1844–1915). Jereo: George E. Rice, "Spiritual Gifts," ao amin'ny Handbook of Seventh-day Adventist Theology, ed. Raoul Dederen (Hagerstown, Md: Review and Herald Pub. Assn., 2000), t. 636.

7 Dan Buettner, "The Secrets of Long Life," National Geographic, Nôvambra 2005; Dan Buettner, The Blue Zones: Lessons for Living Longer From the People Who've Lived the Longest (Washington, D.C.: National Geographic Society, 2008).

8 Izao no nosoratany: "Tsy dia tandremana sy henoina loatra ny Baiboly, hany ka nanome fahazavana kely kokoa ny Tompo mba hitarihana ny oloha ho amin'ilay fahazavana lehibe kokoa" - Selected Messages, b 3, t. 30.

9 Nanao fanambarana matotra i Ellen White momba ny fifandraisana marina eo amin'ny asa sorany sy ny Soratra Masina: "Nanakorontana ny saina ny anadahy J. tamin'ny fikatsahany haneho fa ny fahazavana izay nomen'Andriamanitra tamin'ny alalan'ny Teny Vavolombelona [izany hoe ireo asa soratr'i Ellen White] dia fanampin'ny Tenin'Andriamanitra, saingy hazavana diso no nanehoany izany. Noho izany, sitrak'Andriamanitrany hamerina ny sain'ny olony amin'ny Teniny, amin'ny alalan'izany fomba izany, mba hahatakaran'izy ireo izany mazava kokoa" - Testimonies for the Church (Mountain View, Calif.: Pacific Press Pub. Assn., 1948) b. 4, t. 246.

10 Naverin'i W. A. Spicer ao amin'ny The Spirit of Prophecy in the Advent Movement (Washington, DC: Review and Herald Pub. Assn., 1937), t. 30.

SABATA FAHAROA



Mpaminany ho an'ny vahoakan' Andriamanitra amin'ny andro farany

Inona no nolazain'i Ellen White momba ny andraikiny amin'ny maha-mpitonandra ny hafatry ny Tompo azy?

Ellen G. White

Tamin'ny alin'ny 30 Aprily 1871 dia nisintaka kely aho mba hiala sasatra, satria tena reraka ny saiko. Tao anatin'ny fahakiviana mafy aho nandritra ny telo volana. Matetika aho no nivavaka tamim-pitaintainantsaina mba hahazo fanamaivana. Nitalaho fanampiana sy tanjaka tamin'Andriamanitra aho, mba hohoarako ny fahakiviana lalina izay nampihizina ny finoako sy ny fanantenako, ka nahatonga ahy tsy hahasoa na amin'inona na amin'inona.

Tamin'io alina io dia nahazonofy aho,nofy izay nitondra fifaliana lalina ho an'ny saiko. Nanofy aho fa nanatrika fivoriana iray manan-danja, izay nivorian'ny olona maro. Maro tamin'izy ireo no niankohoka teo anatrehan'Andriamanitra tao anatin'ny vavaka mafana, ary toa nanana enta-mavesatra izy ireo. Nitalaho fatratra ny Tompo izy ireo mba hanome azy fahazavana manokana. Nisy vitsivitsy tamin'izy ireo toa nitaintaina fatratra; mafy dia mafy ny fitelchampon'izy ireo; nidradradra mafy nangataka fanampiana sy fahazavana tamin-dransomaso izy ireo. Nandray anjara tamin'io sehon-javatra mahatalanjona indrindra io ireo anadahintsika nisongadina indrindra. Niankohoka tamin'ny tany ny anadahy A, izay hita fa tao anatin'ny famoizam-po lalina. Niara-nipetraka tamin'ny vondron'olona mpanaraby tsy rototra kosa ny vadiny.

Toa tiany haseho sy ho takatry ny rehetra fa nanaraby izay rehetra nampietry ny tenany tahaka izany izy.

Nanofy aho fa tonga tamiko ny Fanahin'ny Tompo, ka nitsangana teo anivon'ny antsoantso sy ny vavaka aho ary niteny hoe: "Ato amiko ny Fanahin'ny Tompo. Nahatsapa noentanina hiteny aminareo aho fa tsy maintsy manomboka miasa isam-batan'olona ho an'ny tenanareo ianareo. Miandranda an'Andriamanitra sy maniry ny hanaovany ny asa eo amin'ny toeranareo ianareo, asa izay navelany hataonareo. Raha hataonareo ny asa izay fantatrareo fa tokony hataonareo ihany, dia hanampy anareo Andriamanitra rehefa mila fanohanana ianareo. Tsy novitainareo ireo zavatra izay navelan'Andriamanitra mba hataonareo. Niantso an'Andriamanitra ianareo mba hanao ny asanareo. Raha nanaraka ny fahazavana izay nomeny anareo ianareo, dia halatonga fahazavana misimisy kokoa hamirapiratra eo aminareo Izy. Fa raha manao tsirambina ny torohevitra sy ny fampitandremana ary ny faniniama nomena ianareo, dia ahoana no mbola ahafahanareo manantena an'Andriamanitra hanome anareo fahazavana sy fitahiana misimisy kokoa mba hatoa tsirambina sy hohamavoina koa? Tsy olombelona Andriamanitra; tsy ho voatarika ho amin'izany Izy."

Noraiske ilay Baiboly sarobidy ka nohodidiniko tamin'ireo "Teny Vavolombelona hoan'ny Fiangonana" marobe izay nomena ny vahoakan'Andriamanitra. Hoy aho: "Saika ny olan'ny rehetra no voavaha ato. Voatondro ato ireo fahotana tokony handosirany. Hita ato ny torohevitra tadiaviny, izay nomena tamin'ny tranga hafa mitovy amin'ny azy.

"Faly Andriamanitra nanolotra anareo didy hanampy didy, fitsipika hanampy fitsipika. Tsy maro aminareo anefia no tena mahafantatra izay voarakitra ao anatin'ireny Teny Vavolombelona ireny. Tsy fantatrareo tsara ny Soratra Masina. Raha nataonareo ambetim-pianaranareo ny Tenin'Andriamanitra, ka nangatahetra fatratra ny hanatratra ny fenity ny Baiboly sy ny fahatanterahana kristianina, dia ho tsy nila ireo Teny Vavolombelona ireo ianareo. Noho ny fanaovanareo tsirambina ny fianaranana ilay Boky avy tamin'ny tsindrimandr'Andriamanitra no nahatonga Azy hiezaka ny hikasika anareo amin'ny alalan'ny teny vavolombelona tsotra sy mivantana. Tamin'izany no nisintonany ny sainareo ho amin'ireo tenin'ny tsindrimandy izay tsy nankatoavinareo, sy nanentanany anareo mba hanefy ny fiainanareo araka ireo fampianarana madio sy ambony ao anatiny.

“Sitrak’Andriamanitra ny hampitandrina sy hananatra ary hanoro hevitra anareo amin’ny alalan’ny Teny Vavolombelona nomeny. Sitrany koa raha ho vonton’ny lanjan’ny fahamarinana ao amin’ny Teniny ny sainareo. Tsy natao hanome fahazavana vaovao ireo Teny Vavolombelona voasoratra, fa mba handraiketana amin’ny fomba mazava tsara ao am-po ireo fahamarinana ao amin’ny tsindrimandry efa naseho. Voafaritra miavaka tsara ao amin’ny Tenin’Andriamanitra ny adidin’ny olona amin’Andriamanitra sy amin’ny mpiara-belona aminy; tena vitsy aminareo anefa no nankatò ny fahazavana nomena. Tsy misy fahamarinana fanampiny avoitra, fa notsorin’Andriamanitra tamin’ny alalan’ny Teny Vavolombelona fotsiny ireo fahamarinana lehibe efa nomeny, ary nentiny teo anatrehan’ny olona tamin’ny alalan’ny fomba nofidiny ihany izany. Nataony izany rehetra izany mba hamohazana sy hamontosana ny saina amin’izany, mba tsy hanan-kalahatra ny rehetra.

“Nampihena ny hery ahafahana manavaka zavatra ny avonavona, ny fitiavana ny tena, ny fitiavan-tena, ny fankahalana, ny fitsiririana, ary ny fialonana. Noho izany dia verin’ny fahamarinana koa ny heriny mba hisintonany sy hifehezany ny saina. Io fahamarinana io anefa no hampahendry anareo ho amin’ny famonjena. Tsy takatrareo ireo foto-kevitra lehiben’ny toe-panahy araka an’Andriamanitra, satria ianareo tsy mba noana sy mangetaheta ny fahalalana ny Baiboly sy ny fahadiovam-po ary ny fahamasinam-piaianana. Tsy natao hampihena ny lanjan’ny Tenin’Andriamanitra ireo Teny Vavolombelona, fa hanandratra izany sy hisarika ny saina ho amin’izany, mba handresy lahatra ny rehetra ny fahatsorana kanton’ny fahamarinana.”

Dia hoy koa aho: “Tahaka ny andrakofana ireo boky sy bolikely ireto amin’ny Tenin’Andriamanitra no nandrakofan’Andriamanitra anareo koa amin’ny faninihana sy torohevitra sy fampitandremana ary fampaherezana. Indreto ianareo fa midradradradra eo anatrehan’Andriamanitra, ao anatin’ny horohorom-panahy, mba hangataka fahazavana betsaka kokoa. Nomen’Andriamanitra lalana aho hilaza aminareo fa tsy hisy tara-pahazavana hafa homena amin’ny alalan’ny Teny Vavolombelona, hamirapiratra eo amin’ny lalanareo raha tsy efa nampiharinareo ny fahazavana efa nomena. Nohodidinin’ny Tompo tamin’ny fahazavana ianareo, saingy tsy nomenareo lanja izany fahazavana izany; nohitsakitsahinareo izany. Nanamavo ny fahazavana ny sasany, raha nanao tsirambina izany kosa ny sasany, na koa nanaraka izany tamin’ny fomba tsy rototra. Vitsy ihany no

nampiomania ny fony mba hankatò ny fahazavana izay nomen’Andriamanitra azy ireo tamim-pifaliana.

“Misy olona sasany izay nandray fampitandremana manokana tamin’ny alalan’ny teny vavolombelona, no nanadino ny fananarana nomena azy taorian’ny herinandro vitsy monja. Naverimberina kosa ny teny vavolombelona nomena ny sasany, saingy tsy noeritreretiny ho manan-danja loatra ka tokony hotandremana fatratra izany. Tahaka ny anganoangano tsy misy heviny no fahitan’izy ireo izany. Raha mba nihevitra ny fahazavana nomena izy ireo, dia ho voasorony ireo fatiantoka sy fisedrana izay hitany fa mafy sy sarotra.

“Izy ihany no tokony homelohiny. Izy ihany no nametraka zioga teo amin’ny vozony, zioga izay hitany fa mafy ny fitondrana azy. Tsy izany no zioga nafatot’i Kristy teo aminy. Natolotra ho azy ny fikarakaran’Andriamanitra sy ny fitiavany, saingy tsy afaka namantatra ny fahatsarany sy ny famindrampony ny fanahiny tia tena sy ratsy ary tsy mino. Mirotoroto amin’ny fahendreny manokana izy, mandra-pamitak’i Satana azy, rehefa trotraky ny fisedrana sy misavorovoro noho ny fahaverezan-kevitra. Rehefa horaisinareo ireo tara-pahazavana izay nomen’Andriamanitra tamin’ny lasa, dia amin’izay vao hanome tombom-pahazavana Izy.”

Natodiko tany amin’ny Israely fahiny izy ireo. Nomen’Andriamanitra ny lalany izy ireo, saingy tsy nankatò izany. Rehefa izay dia nomeny fombafombam-pivavahana sy didy indray izy ireo, mba hahatsiarovany mandrakariva an’Andriamanitra rehefa manatanteraka izany izy ireo. Tena haingana tamin’izy ireo tokoa mantsy ny nanadino Azy sy ny fitakiana nataony tamin’izy ireo. Noho izany, nilaina ny nihazona ny sain’izy ireo hifoha mandrakariva mba hahatsapany ny adidiny mba hankatò sy hanome voninahitra ny Mpamorona azy. Raha nankatò izy ireo, ary tia nitandrina ny didin’Andriamanitra, dia ho tsy notakina taminy ireo fombafombam-pivavahana sy fitsipika maro dia maro ireo.

Raha nankatò ny fitakian’Andriamanitra araka izay ambara ao amin’ny Teniny ilay vahoaka izay milaza azy ho rakitra manokan’Andriamanitra, dia ho tsy misy teny vavolombelona manokana nomena mba hamohazana azy ireo hahatsapa ny adidiny, sy hampahafantarana azy ny maha-mpanota azy, ary ny loza mampatahotra mananontanona azy noho ny fanaovany tsirambina ny fankatoavana ny

Tenin'Andriamanitra. Donto ny feon'ny fieritreretana satra nailika sy natao tsirambina ary nohamavoina ny fahazavana. Ary hoesorin'Andriamanitra amin'ny olona ireny Teny Vavolombelona ireny, ary tsy homeny hery sy hampietreny izy ireo.

Nanofy aho fa, raha mbola teo am-pitenenana, dia nirotsaka tamiko tamin'ny fomba faran'izay mahagaga indrindra ny herin'Andriamanitra, kanefa tsy nanana tanjaka mihitsy aho, ary tsy nahazo fahitana. Toa hitako fa nijoro teo analoan'ny olona ny vadiko ka niteny hoe: "Herin'Andriamanitra mahagaga ity. Nataony ho fomba mahery vaika hikasihana ny fanahy ireo Teny Vavolombelona, ary mbola hiasa amin-kery kokoa amin'ny alalan'izany Izy, mihoatra noho ny efa nataony hatramin'izay. Iza no hiandany amin'ny Tompo?"

Nanofy aho fa nisy olona maro ihany nitsangana faingana teo no eo ihany ka namaly ny antso. Ny hafa indray nipetraka tamim-pilondolondoana, ka ny sasany nanaraby sy nanebaka, ary nisy vitsivitsy koa toa tsy voakasika mihitsy. Nisy olona iray nijoro teo anilako ka niteny hoe:

"Nanangana anao Andriamanitra, ka nanome anao teny holazaina amin'ny olona sy hikasihana ny fony; ary tsy nomeny olon-kafa izany. Novolololainy ny teny vavolombelona nampitaina mba hiatrehana ireo toe-javatra mila fanampiana. Tsy tokony ho tohina ianao noho ny fanarabiana, ny fanebahana, ny fanomezantsiny, ary ny fanamelohana. Mba hahatonga anao ho fitaovana miavaka eo am-pelatanan'Andriamanitra dia tsy tokony hiankina na amin'iza na amin'iza ianao, fa hiantehitra Aminy irery ihany. Ary tahaka ny voaloboka misarangotra, dia aoka hisandrahaka eo Aminy ny rantsanao. Hataony ho tonga fitaovana izay hampitany ny fahazavana avy Aminy ho amin'ny olona ianao. Tsy maintsy manangona hery avy amin'Andriamanitra isan'andro ianao mba hohatanjahina. Amin'izay dia tsy hanamatroka na hanakona ny fahazavana izay navelany hamirapiratra eo amin'ny olony amin'ny alalaoao ireo manodidina anao. Fikasan'i Satana manokana ny hanakana io fahazavana io tsy ho tonga amin'ny vahoakan'Andriamanitra, izay tena mila fatratra izany eo anivon'ireo loza aman'antambo amin'izao andro farany izao.

"Ao amin'ny fahatsoranao no misy ny fahombiazanao. Vantany vao miala amin'izany ianao, ka hamolavola ny teny vavolombelona ayy aminao mba hisanarakana amin'ny sain'ny olona, dia hiala ny

herinao. Saika ny zavatra rehetra amin'izao fotoana izao no amboarinboarina sy tsy tena izy avokoa. Izao tontolo izao dia feno fanambarana omena mba hamalifaliana sy hisintonana mandritra ny fotoana voafetra ary hanandratana ny izaho. Hafa karazana ny fanambaranao. Natao hiditra any amin'ny tsipiriam-piaianana izany, ka hihazona ny finoana marefo tsy ho faty, sy hanamafy amin'ny mpino fa ilaina ny hamirapiratra tahaka ny fahazavana eo amin'izao tontolo izao." — Life Sketches, tt. 197-202.

"Mba hahatonga anao ho fitaovana miavaka eo am-pelatanan'Andriamanitra dia tsy tokony hiankina na amin'iza na amin'iza ianao, fa hiantehitra Aminy irery ihany. Ary tahaka ny voaloboka misarangotra, dia aoka hisandrahaka eo Aminy ny sampanao. Hataony ho tonga fitaovana izay hampitany ny fahazavana avy Aminy ho amin'ny olona ianao."

SOSO-KEVITRA HO AMIN'NY VAVAKA

1. Angataho Andriamanitra hihazona anao ao anatin'ny fahatsoran'ny finoanao madio Azy tamin'ny voalohany.

2. Mivavaha mba hahazo fahazavana ianao momba ireo fialam-boly navelanao hiditra teo amin'ny fiainanao, kanefa manakana anao tsy hifandray amin'Andriamanitra.

3. Asandrato amim-bavaka ny fianakavianao sy ny mpiray fanantenana amina, ka mangataha fanafahana sy fiarovana ho azy ireo sy ho anao koa.

Ny mpanoratra

Niasa tao amin'ny Departemantan'ny Fampielezam-boky nandritra ny efa ho roapolo taona i Marcos sy i Claudia Blanco. I Marcos dia mpitandrina izay manao asa fanompoana amin'ny maha-talen'ny famoahan-dahatsoratra ao amin'ny trano pirty Asociación Casa Editora Sudamericana (ACES). I Claudia kosa indray dia mpandika teny mahaleo tena sy renim-pianakaviana mijanona ao an-tokantrano. Samy mpamaky mafana fo ny asa soratr'i Ellen G. White izy mivady, ary efa nandika sy namoaka ny sasany amin'ireo bokiny amin'ny fiteny espaniola. Manan-janaka mianadahy izy mivady: i Gabriel, 15 taona, ary i Julieta, 13 taona. Monina any Buenos Aires, any Argentine, izy ireo.

Nahoana no naniraka mpaminany Andriamanitra?

Randy Fishell



SABATA VOALOHANY

Vatosoa atao tsianjery: “*Tsy manao na inona na inona tokoa Jehovah Tompo, raha tsy milaza ny heviny amin’ny mpaminany mpanompony.*” – Amô. 3:7.

Volody sy ireo bibidia

Inona ity latsaka eto amin’ny tany? Niondrika i Volody, izay folo taona, ka nandray boky iray izay azo antoka fa natsipin’ny olona. Tahaka izao no fivakin’ny fonony: Baiboly Masina. Tsy mbola tany am-piangonana mihitsy io zazalahy io, izay “Ukrainien”. Efa henony anefa fa miresaka momba ny fahagagana ny Baiboly, ary izy rahateo liana amin’ireny zavatra mahagaga ireny. Noraisiny ilay Baiboly ka nentiny tany an-tranony. Dikan-teny ahitana tantara ho an’ny ankizy saingy tsy misy toko sy andininy ilay Baiboly.

Namaky ny ampahany tamin’ilay Baiboly hitany i Volody. Mbola toa lavitra ihany anefa ilay Andriamaniry ny Baiboly, olona tsy dia azon’ny zazalahy kely Ukrainianien folo taona ifandraisana. Napetrak’i Volody ilay boky ary tsy dia noraharahiany intsony ny momba izany.

Indray andro, raha nilahatra mba hividry mofo ho an-dreniny i Volody, dia nisy peta-drindrina lehibe nanaitra ny masonry. Inona ary ity? Hoy i Volody nanontany tena. Nisy bibidia hafahafa sy mampatahotra teo amin’ilay peta-drindrina, ary ny sasany tamin’ireny nanana loha mihoatra ny iray! Nodinihiny akaiky kokoa ilay peta-drindrina, ka hitany fa nanondro ny Baiboly izany! Koa araka ny voalazan’izany, dia nisy ifandraisany amin’ireo faminaniana ao amin’ny Baiboly, ao amin’ny bokin’i Daniela, ireo bibidia ireo.

Tsy misy iraharahako ny amin’izay Baiboly, saingy tsy maintsy hianarako misimisy kokoa ny amin’ireo bibidia ireo! hoy i Volody an’eritreritra. Etsy andaniny anefa, Amerikanina ilay mpandaha-teny. Efa nampitandrina ny mpitonдра fanjakana hoe: “Tena devoly mihitsy ireo Amerikanina ireo!” Hoy koa ny sasany: “Manana tandroka sy rambo izy ireo!” Satria tsy nanana fomba hafa hahafantarana ny amin’izany i volody, dia tapa-kevitra izy fa hitady ny marina. Nomarihiny ny fotoana sy ny toerana hitrangan’ny fihaonana voalohany. Tsy maintsy hizaha samirery izany rehetra izany aho! hoy izy anakampo.

Rehefa tonga ilay andro, dia naka toerana i Volody ka niandry fatratra ilay famelabelarana. Hanao ahoana marina izany Amerikanina izany? Rehefa nipoitra anefa ilay mpandaha-teny, dia tsy nanana rambo na tandroka izany izy! Tena tahaka ny olombelona ara-dalana ihany izy raha ny marina!

Nijanona nanatrika ilay famelabelarana i Volody ka hainy tamin’izany fa maneho zavatra manan-danja izay hitranga amin’ny hoavy ireo bibidia ireo. Izany no antsoina hoe “faminaniana”.

Tahaka ny hoe tsy ampy izany vaovao izany, ka ren'i Volody niresaka momba an'i Jesôsy indray ilay mpandaha-teny. Hita fa faminaniana an-jatony ao amin'ny Baiboly no mifandraika Aminy! Nolazain'ilay mpandaha-teny fa tena tian'i Jesôsy ny olona hany ka maty ho azy ireo Izy – ary ao anatin'izany i Volody! Nahatalanjona azy kokoa aza ny fahafantarany tao fa hiverina indray i Jesôsy mba haka ny olona ho any an-danitra! Nisy faminaniana maro hafa koa niresaka momba io trangan-javatra amin'ny hoavy io. Noho ny antony samihafa dia toa tsy nampidirina tao amin'ilay Baiboly hitan'i Volody io ampahany io.

Nony farany dia hitan'i Volody ny fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito tao an-tanàna ka nanomboka nianatra misimisy kokoa momba ny faminaniana sy momba an'i Jesôsy Kristy izy. Nanaiky an'i Jesôsy ho Mpamonjiny izy ka nampanantena ny hanompo Azy na inona na inona mitranga. Hisy fotoana izay tsy hahamora izany, saingy nihazona ny teny nomeny i Volody.

Nianatra betsaka momba ny hoavy i Volody rehefa nanatrika ireny famelabelarana ara-paminaniana ireny izy, saingy nisy zavatra teo amin'ny hoaviny izay tsy mba hitany. Taty aoriana dia lasa mpitandrina Advantista i Volody ka nifindra tany Etazonia. Hatreto, ny Amerikanina hitany fa nisy tandroka sy rambo dia ireo izay hitany tamin'ny "Halloween" (andro firavoravoana fanaovana saron-tava ho an'ny Tandrefana) ihany. Mampiseho an'ny devoly izy ireo, ka tsy te hanan-javatra ifandraisana aminy i Volody!*

Eritrereto!

- Nahoana no naniraka mpaminany Andriamanitra?
- Misy faminaniana ara-Baiboly tonga ao an-tsaina ve? Iza no nampita ilay hafatra? Inona no votoatin'izany?
- Maniry ny ho tonga mpaminany ve ianao? Nahoana no eny ary nahoana no tsia?

Ataovy!

- Soraty mazava tsara izay heverinao fa ho teny voalohany horenesinao rampitso, any ivelan'ny tranonao. Henoy tsara! Marina ve ny eritreritao? Raha izany, mahatonga anao ho mpaminany ve izany? Nahoana no eny ary nahoana no tsia?
- Ataovy mitalanjona ny namana iray amin'ny fanehoana aminy ny faminaniana momba an'i Kirosy ao amin'ny Isa. 45:1-3. Inona no valinteniny? Araka ny hevitrao, nahoana no naneho ny fihetsika nasehony ilay olona?

*Tantara namboarina avy tamin'ny asa soratr'i Ellen Weaver Bailey, "Volody and the Weird Beasts," Guide, 23 April 2016.

Ny hery ao ambadiky ny mpaminany



Vatosoa atao tsianjery: “Fa tsy nisy faminaniana avy tamin’ny sitrapon’ny olona tany aloha rehetra; fa avy tamin’Andriamanitra no nitenenan’ny olona araka izay nitondran’ny Fanahy Masina azy.” - 2 Pet. 1:21.

Norahonana tamin’ny basy!

Nibanjina ireo vavan’ny basimarovava anankitelo i Diane. “Hofenoinay lavadavaka ianao!” hoy ny hiaky ny iray tamin’ireo miaramila mpiady any anaty bozabozaka. Tsy nilamina nandritra ny fotoana efa elaela io firenena io, ka miaina izany mivantana i Diane ankehitriny.

Teny ambonin’ny fiara fitateram-bahoaka izy tamin’izay, avy nitsidika akany fitaizana zaza kamboty. Raha iny maraina mbola vao mangiran-dratsy iny, dia nivoaka teo amin’ilay lalana feno fotaka tao anaty ala ireo miaramila ka nampijanona ny fiara.

“Renareo ve fa nanapoahan’izy ireo baomba ny tilikambom-pifandraisana any San Luis!” hoy ny mpandeha iray nibitsibitsika. “Eny, ary nisy olona novonoin’izy ireo tany amin’ny faritra atsinanana tany!” hoy koa ny anankiray hafa.

Niakatra tao amin’ilay fiara ireo miaramila mpiady. “Mivoaka daholo”, hoy ny baikon’ny iray tamin’ireo miaramila. Nosokafan’ireo miaramila mitambasimarovava taty ivelany ny varavarana’ilay fiara.

Nitsambikina teny amin’ny tany tsirairay, avy teo amin’ny varavarana any aorianana, ny mpandeha rehetra. Dia tonga ny anjaran’i Diane ka nitsambikina koa izy. Tamin’izay fotoana izay no niteny tamin’i Diane ilay miaramila fa hotifirina izy ireo.

Nitodika njery ilay varavarana aorian’ilay fiara anefa i Diane ka nahita vehivavy efa antitra sady nanjoko nijoro tao anatiny. Tsitapitapitr’izay dia nandre feo tony tao an-tsainy izy, nanao hoe: Ampio io vaviantitra io. Tamin-kerim-po no niambohoan’i Diane ireo basimarovava ka nitenenany tamin’ilay vaviantitra hoe: “Venga, senora” (“Avia, etsy ampiako hidina ianao”). Nanampy ilay vehivavy efa antitra hidina ho eo amin’ny tany i Diane raha nitazana azy tamim-pahaverezan-kevitra ireo miaramila mpiady.

Mbola nanampy olon-kafa hidina ho eo amin’ny tany ihany i Diane: ankizy, reny iray niaraka tamin-jazakely, ary vaviantitra iray hafa koa. Rehefa vitany izany, dia nitodika njery ireo miaramila nijoro sy niandry teo izy. Nikirozaroza fotsiny teo an-tratran’ireo miaramila ireo ny basiny tamin’izay fotoana izay.

Mbola nisy tabataba sy fientanentanana be ihany mialoha ny nahavitan'ny fisavana nataon'izy ireo, saingy tsy nisy mpandeha na dia iray aza namoy ny ainy. Noho ny fihainaoan'i Diane feo kely tony sy malefaka iray, dia rava noho ny fihetsiny ny fikasandratsin'ireo miaramila ireo, dia ny hanaisotra ny ainy izany. Tsara mandrakariva ny manaraka ny toromarika omen'ilay feo avy any an-danitra!*

*Tantara namboarina avy tamin'ny asa soratr'i Diane Aguirre, "Guerrillas, Machine Guns, and God," Guide, 12 Septembra 2015.

Eritrereto!

- Tadidio ny fotoana izay nanasana anao hampita hafatra iray. Hafatra antsuratra ve izany sa hafatra am-bava? Nahomby ve ianao teo amin'ny fampitana ilay hafatra?
- Tsaroanao ve ny fotoana nilazan'ny olona iray anao zavatra tsy tianao horenesina? Inona no nataonao?
- Araka ny hevitrao, nahoana Andriamanitra no mampiasa mpaminany fa tsy mampita hafatra amintsika mivantana fotsiny?

Ataovy!

- Mamoria namana vitsivitsy ka ibitsibitsiho hafatra iray ao an-tsofin'ny olona voalohany (tsy azo averina lazaina fanindroany ilay hafatra). Asaivo manao tahaka izany amin'ny olona manaraka azy ny olona tsirairay, dia jereo ny fahamarinan'ny hafatra rehefa tonga any amin'ny olona farany izany. Inona no nanampy ny hafatra nentin'ny mpaminany tsy hisavorovoro?
- Mangataha ray aman-dreny iray na olon-tiana iray mba hitantara ny fotoana izay nandraisany hafatra iray nanova ny fiaianany. Faly ve izy fa nanao ny zavatra nasain'ilay hafatra nataony? Nahoana no eny/tsia?

Tena izy sa sandoka?



Vatosoa atao tsianjery: “Ny voany no hahafantaranareo azy.” - Mat. 7:16.

Ilay ady izay tsy nitranga mihitsy

Mpaminany i Mike. Fara faharatsiny, izay no noeritreretin’ny olona maro.

Indray andro dia nanoratra tamimpitandremana ity faminaniana feno zavamiafina manaraka ity i Mike:

“Hifanojo i Mars sy ny tehim-piandrianana,

Eo ambanin’ny ady mahatsiravin’ny Homamiadana

Fotoana fohy aorian’izay dia hisy Mpanjaka vaovao hosorana,

Izay hitondra fiadanana eto an-tany mandritra ny fotoana tena lava.”

Inona no mety ho hevitr’io faminaniana hafahafa io? Inona no mety ho hevity ny hoe “Mars” sy “tehim-piandrianana”? Misy ady hifarana amin’ny fahazoan’ny rehetra homamiadana ve? Iza io “mpanjaka vaovao” io?

Tsy io no faminaniana voalohany avy tamin’i Mike, izay Michel de Nostredame no tena anarany. Mpitsabo frantsay velona nanomboka tamin’ny 1503 hatramin’ny 1566 io lehilahy io. Taty aoriana dia lasa fantatra amin’ny hoe Nostradamus fotsiny izy.

I Nostradamus dia nanoratra boky mirakitra faminaniana miisa 942, izay miendrika tononkalo misy andalana efatra. Mbola ampiasain’ny olona maro - sy inoany koa - io boky io, izay mitondra tsotra izao ny lohateny hoe The Prophecies (“Ireo Faminaniana”) amin’ny teny anglisy. Toa tena hafahafa avokoa ireo “faminaniana” ao anatin’io boky io, tahaka io anankiray eo ambony io ihany.

Koa ahoana ary ny amin’io faminaniana etsy ambony io? Azonao vinavina ve hoe inona no trangan-javatra ambarany mialoha eto? Nanome soso-kevitra vitsivitsy ny olona sasany nandritra ireo taonjato nifandimby. Ny iray amin’ireo soso-kevitra vao haingana indrindra dia mahakasika olona sasany izay nilaza fa “Mars” dia maneho ny planeta “Mars”, ary ny hoe “tehim-piandrianana” dia maneho ny planeta Jupiter. Noneverina fa “hifanojo” na “hilahatra” eny amin’ny habakabaka eny ireo planeta anankiroa ireo ny 21 Jona 2002. Amin’izay fotoana izay no hiandohan’ny ady mahatsiravina!

Tsy nitranga anefa izany.

Raha ny marina, manam-pahaizana maro no miaiky fa izay rehetra tianao ho hevitr’ireo faminanian’i Nostradamus ireo dia mety ho heviny avokoa!

Zava-dehibe ny mahatsiaro fa tsy voatery ho ny filazana ny hoavy mandrakariva no asa fototry ny mpaminany iray. Mety manoratra na mitory teny na mampita ny hafatr’Andriamanitra amin’ny fomba hafa koa izy ireo.

Ahoana anefa no ahafantaranao fa tena mpitondra ny hafatra' Andriamanitra tokoa ny mpaminany iray? Indreto misy fomba anankiefatra mba hanampiana anao hahafantatra raha toa ka avy any an-danitra ny hafatra ampitain'ny mpaminany iray, na avy any an-toeran-kafa.

BAIBOLY. Izao no nosoratan'ny mpaminany Isaia: "*Ho amin'ny lalàna sy ny teni-vavolombelona ihany! Raha tsy miteny araka izany teny izany izy, dia olona izay tsy hiposahan'ny fahazavan'ny maraina*" – Isa. 8:20. Raha atao amin'ny teny hafa, dia hoe: tsy maintsy mifanaraka amin'izay lazain'ny Baiboly momba ny lohahevitra resahin'ilay olona ny faminaniany.

ASA. "*Ny voany no hahafantaranaereo azy*" – Mat. 7:16. Manao ahoana ny fiainan'ilay olona milaza azy ho mpaminany? Manambaka ve izy? Mampiasa fiteny adaladala ve izy? Ny fiainan'ny mpaminany marina dia haneho ny vokatry ny Fanahy izay voatanisa ao amin'ny Gal. 5:22,23, dia ireo lafin-toetra tahaka ny hoe fitiavana, fahamoram-panahy, ary fahononam-po. Tahaka an'i Jesôsy izany e, raha atao amin'ny teny hafa!

VOKATRA. "*Ny amin'ny mpaminany izay maminany fiadanana, raha tanteraka ny teniny, dia ho fantatra ho mpaminany nirahin'i Jehovah tokoa izy*" – Jer. 28:9. Raha atao amin'ny teny hafa dia hoe: manao ahoana ny fiafaran'ny toe-javatra taorian'ny nampitan'ilay mpaminany ny hafany? Tanteraka ary marina tokoa ve ilay faminaniana?

JESÔSY. "*Izao no ahafantaranaereo ny Fanahin'Andriamanitra: Ny fanahy rehetra izay manaiky fa efa tonga tamin'ny nofo Jesosy Kristy no avy amin'Andriamanitra*" - 1 Jao. 4:2. Inona no ambaran'ilay mpaminany momba an'i Jesôsy? Miovà lalan-kizorana raha toa ka zavatra tahaka izao no ambarany: "Mpampianatra tsara tokoa i Jesôsy, saingy tsy Zanak' Andriamanitra Izy".

Fantatrao ve?

• Tany Etazonia dia nisy lehilahy iray nantsoina hoe Harold Camping, nilaza fa nahafantatra ny andro hiverenan'i Jesôsy. Nahazo mpanara-dia maro izy, na dia taorian'ny tsy fahatongavan'i Jesôsy tamin'ny daty anankiroa samy hafa aza: 6 Septambra 1994, 21 May 2011, ary 21 Oktôbra 2011.

• Misy mpaminany sandoka vitsivitsy voalaza ao amin'ny Baiboly, ary tao anatin'izany ny anankiray nantsoina hoe Hanania. Azonao vakina ny momba azy ao amin'ny Jer. 28:15-17.

Eritrereto!

• Nahoana ny olona iray izay tsy tena mpaminany marina no milaza fa mpaminany izy?

• Araka ny hevitrao, mety ho ao ambadiky ny faminaniana sandoka sasany ve i Satana? Nahoana no eny/tsia?

• Araka ny hevitrao, hanao ahoana no mety ho fihetsikao raha toa ka misy olona manatona anao ka milaza aminao fa mpaminany nirahin'Andriamanitra izy?

Ahoana no hahatakarana ny hafatra entin'ny mpaminany iray?



Vatosoa hatao tsianjery: "Mazotoa manolotra ny tenanao amin'Andriamanitra ho olona voazaha toetra, dia mpiasa tsy mahazo henatra, mizara tsara ny teny fahamarinana." - 2 Tim. 2:15.

Mamaha soramiafina

Vato hafahafa manao ahoana re ity e! hoy i Pierre an'eritreritra. Volana Jolay taona 1799 tamin'izay. Nisy lehilahy iray nantsoina hoe Pierre-François Bouchard, nanampy tamin'ny fanorenana indray ny manda egyptianina fahagola iray, izay niorina teo akaikin'ny tanànan'i Rosetta any Egipta. Tampotampoka teo dia nahatsikaritra zavatra nipoitra avy tamin'ny tany izy. Hita fa vaingam-bato maityt lehibe izany. Ary nisy soratra teo amin'ilay vato!

Taty aoriana ny olona dia nanomboka nandinika io vaingam-bato maityt milanja iray taonina io, izay nirakitra ampanan-kafatra natao soratanana, nosoratanana tamin'ny fiteny telo samy hafa. Grika ny fiteny voalohany, ny faharoa kosa dia fiteny egyptianina nantsoina hoe "Démotique". Ny andian-tsoratanana fahatelo dia "hiéroglyphe" egyptianina, izay tarehinsoratra mifototra amin'ny famantarana sy kisarisay.

Nientanentana aoka izany ireo manam-pahaizana! Fantatr'izy ireo fa tsy maintsy tantara mitovy ihany no noresahin'ireo fiteny anankitelo samy hafa ireo! Hatreto dia tsy nisy olona nahavaha ny tsiambaratelo mba hahatakarana ireo sary an'ohatra egyptianina tena trrainy ireo. Ankehitriny anefa, amin'ny fampiasana ireo teny roa voalohany ho "fanalahidy hamahana ny soramiafina", dia ho takatr'izy ireo amin'izay, nony farany, ny hevity ny fiteny fahatelo, dia ny "hiéroglyphe" izany!

Nitaky fotoana lava ny fahatakarana izay nambaran'ilay vaton'i Rosetta iray manontolo, saingy mendrika ny natao izany. Noho ny fahitana izany, dia voavaha, nony farany, ny "soramiafin"ny "hiéroglyphe" egyptianina fahiny!

Tahaka ny nilan'ny olona ny Vaton'i Rosetta mba hahatakarana ny "hiéroglyphe", no ilantsika koa ny fampahafantarana sahaza mba hahatakarana araka ny tokony ho izy ny faminaniana. Raha tsy eo ny fampahafantarana sahaza mba hahatakarana ny faminaniana, dia tsy hizara araka ny tokony ho izy (hanazava) ny tenin'ny fahamarinana (ny Baiboly) isika! Olona tena maro no miala amin'ny Baiboly rehefa miezaka mamantatra ny hevity ny faminaniana iray izy ireo, ka mahita fanazavana tena hafahafa ihany!

Indreto misy tsiambaratelo vitsy mba hanampiana anao hitoetra eo amin'ny lalamarina rehefa mamaky faminaniana:

Angataho amim-bavaka mandrakariva ny Fanahy Masina mba hanampy anao hahatakatra ny hafatry ny mpaminany iray. Ekeo avokoa izay fanampiana rehetra avy andanitra azonao raisina!

Fantaro ny Baibolinao. Na dia sarotra aza ny mahatakatra faminaniana iray, dia hahasoa anao ny mahafantatra ny hevitra ankabopeny ao ambadiky ny hafatra fototra momba an'Andriamanitra ao amin'ny Baiboly: tia anao Izy ary maniry ny haka anao ho any an-danitra indray andro any. Ny Baiboly no fototra izay hanampy anao hahatakatra misimisy kokoa ny faminaniana raha eo an-dalam-pitomboana hatrany ianao!

Manandràma Baiboly natokana ho an'ny ankizy. Mety hanampy amin'ny fahazoanao misimisy kokoa ilay andalan-teny izany.

Mangataha fanampiana avy amin'ny olona atokisanao. Mety hahavery hevitra ny faminaniana! Mangataha fanampiana avy amin'ny olona izay fantatra fa tia an'i Jesôsy raha toa ka tsy azonao ny hafatry ny mpaminany iray, na raha toa ka nandre fanazavana roa samy hafa ianao.

Aza mieritreritra fa tsy maintsy hofantarinao izao ankehitriny izao ny zavatra rehetra. Angataho isan'andro Andriamanitra mba haneho aminao izay ilainao ho fantatra momba Azy. Rehefa amin'ny fotoana sahaza, dia hanome fahalalana ho an'ny sainao Izy – faminaniana iray isaky ny mandeha.

Fantatrao ve?

• Tena nandraka ihany ireo teny teo amin'ny Vaton'i Rosetta. Dika mitovy amin'ny didy navoaka mba hankalazana ny andro nahalasa an'i Ptolémée Fahadimy Epiphane ho mpanjakan'i Egupta izany.

• Mipoitra ao amin'ny faminaniana maro ao amin'ny Baiboly i Egupta, ary ao anatin'izany ity anankiray ao amin'ny Hôs. 11:1 ity: “Fony mbola zaza Isirael, dia tiako izy, ary nantsoiko hiala tany Egypta ny zanako”. Taiza no nitondran'i Josefa sy Maria an'i Jesôsy mba handositra ny mpanjaka Herôda? Tany Egupta! Avy tao dia nandeha nonina tany Nazareta io ankohonana kely io. Izay ilay fotoana izay “niantsoana” an'i Jesôsy hiala tany Egupta.

Saintsaino!

• Efa nahita zava-baovao nampientanantana ve ianao? Nanampy anao tamin'ny fomba manokana ve izany? Raha eny, tamin'ny fomba ahoana?

• Manao ahoana ny fihetseham-ponao rehefa misy zavatra tsy mety takatralo? Inona no ataonao manoloana izany?

• Misy faminaniana mora takarina tadininao ve ao amin'ny Baiboly? Inona no hevitr'izany ho anao?



Vatosoa atao tsianjery: “Fa hianareo kosa dia taranaka voafidy, ‘fanjakàmpisorona, firenena masina’, olona nalain’Andriamanitra ho an’ny tenany mba hilazanareo ny hatsaran’Ilay niantso anareo hiala tamin’ny maizina ho amin’ny fahazavany mahagaga.” - 1 Pet. 2:9.

Ny herim-pon’i Krystal

Marani-tsaina tokoa i Krystal*. Raha ny naoty no jerena dia izy no mpianatra nahay indrindra tao amin’ny kilasy nisy azy.

Nanaitra mafy an’i Krystal ireo teny nambaran’ny mpampianatra azy indray andro, dia ramose Campbell izany. “Zatra mahazo naoty tsara ianao”, hoy ingahy mpampianatra taminy tamin’ny fiteny hentitra. “Henoy tsara izao lazaiko anao izao - hanao izay azoko atao rehetra aho mba hanitsiana izany ‘olana’ izany.”

Gaga tokoa i Krystal; niezaka namantatra ny antony mahatonga an-dramose Campbell tsy ho tsara fanahy aminy izy. Anankiray tamin’ireo Kristianina vitsy anisa tao amin’ny sekolim-panjakana nianarany i Krystal, ka nanontany tena izy raha misy ifandraisany amin’ny finoany izao fihetsika ataon-dramose Campbell izao.

Nandeha teny ny herinandro maro, ary nanao izay hahasarotra ny fiainan’i Krystal hatrany ramose Campbell. Indray andro dia tonga tamin’ny fomba niandohan’ny aina ny resaka tao an-dakilasy. Toa nino ny fivoarana miandalana ny ankamaroan’ny mpiaramianatra taminy. Nisy anankiray nilaza fa mino ny famoronana saingy nolazainy fa antapitrisan-taona ireo enina andro ambaran’ny Baiboly. Nony farany dia nandray fitenenana i Krystal.

“Inoako izay resahin’ny Baiboly momba ny famoronana”, hoy izy. “Izao no ambarany: ‘Fa henemana no nanaovan’i Jehovah ny lanitra sy ny tany sy ny ranomasina mbamin’izay rehetra ao aminy”.

“Andraso!” hoy ingahy Campbell nanapaka ny teniny tamim-pahasiahana. “Milaza aminay izany ianao fa inoanao izany zavatra tsy misy heviny izany?”

“Eny”, hoy i Krystal. “Raha araka izay ambarany ho toetrary Andriamanitra, nahoana moa Izy no tsy ho afaka hamorona izao tontolo izao ao anatin’ny henemana? Inona no antony ilàny tapitrisa taona? Tsy hoe tsy takatsika izany dia tsy misy Izy tsy akory”.

“Miteniteny foana ianao!” hoy ingahy Campbell no sady nihomehy izy. “Ahoana izany ny amin’ny dinôzaoro? Inona no nitranga tamin’izy ireo?” hoy izy.

Rehefa nanazava ny finoany i Krystal fa nisy ny safodrano tamin’ny andron’i Nôâ, dia nanandranda ny lohany ramose Campbell no sady nihomehy. “Tena mino izany tokoa ve ianao? Hatraiza re ny fahadalanao e?”

Toy ny nisy fanahy ratsy tonga tao amin’ingahy Campbell fa nihazakazaka nankao amin’ny lalantsaran’ny sekoly izy. Rehefa nahita mpampianatra roa sy mpianatra maromaro izy dia nihika hoe: “Avia ianareo hihaino ny zavatra inoan’i Krystal!” Tsy ela dia feno mpampianatra sy mpianatra tao amin’ilay efitrano, ka nihomehy an’i Krystal izy ireo.

Na dia teo aza ny zava-tsarotra natrehiny vokatry ny nataon-dramose Campbell dia mbola tsara noho ny an'ny rehetra hatrany ny naotin'i Krystal. Midika izany fa handahateny izy amin'ny faran'ny herinandro famaranana ny taom-pianarana.

Nantsoin'ny talen-tsekoly izy indray andro. "Krystal a, fantatro fa Kristianina ianao, saingy tsy azonao atao ny mivavaka mandritra ny lahateny ataonao. Manohitra ny lalàna izany."

Fantatr'i Krystal anefa fa tsy marina izany. "Tsia ry ingahy Sheffield; ambaran'ny lalàna fa azoko atao ny manonona vavaka raha mbola tsy mandidy izay zavatra tokony holazaina ireo tompon'andraikirity ny sekoly". Fantatr'ilay tale tamin'izay fa resy izy.

Rehefa tonga ny andro hanaovana ny lahateny dia nandroso nankeny amin'ny lampihazo i Krystal; nanondrika ny lohany izy ary nivavaka. Rehefa vita ny "Amena", dia notohizany tamin'ny lahateny nanandanya izany.

Taorian'izay dia niarahaba an'i Krystal ireo fianakaviany sy ny namany, ny mpiaramianatra taminy sy ny hafa koa. Velom-pisaorana tokoa izy satria nanampy azy hijoro ho mahery ho Azy ilay Andriamanitra izay namorona azy.

*Novana ny anarana ao amin'ny tantara

Tantara namboarina avy tamin'ny asa soratr'i Richard G. Edison, "Krystal's clear conviction", Guide, 11 Martsa 2006.

Saintsaino

- Efa nandre ny amin'i Ellen White ve ianao? Raha eny, inona no hevitrao mikasika azy?
- Raha mahafantatra momba ny asa soratr'i Ellen White ianao, inona no teny tonga ao an-tsainaao rehefa mieritreritra azy ianao? Aoka hahitsy ianao, ka zarao sy ifanakalozy hevitra amin'ny fiarahamivavaka ataon'ny ankohonana na ao amin'ny Sekoly Sabata ny valinteninao.
- Inona ireo toe-javatra eo amin'ny fainanao sy manerana izao tontolo izao izay mila ny fahendren'ny lanitra, araka ny hevitrao? Aiza no ahitanao raha efa nanoratra mikasika ny toe-javatra tahaka izany i Ellen White?

Ataovy!

- Mandehandehana any amin'ny toeram-pitsangantsanganana, any an'ala, na any amin'ny toerana misy zavaboary. Mitanisà zavatra dimy fara fahakeliny izay mahatonga anao tsy hino ny fivoarana miandalana.
- Amin'ny herinandro vitsivitsy manaraka eo, soraty ireo olana misy eo amin'ny fainanao. Jereo, na ianao irery na miaraka amin'ny fanampian'ny namana na olon-dehibe itokianao, raha misy fanampiana azonao amahana ireo olana ireo ao amin'ny asasoratr'i Ellen White. Azon'ny mpampianatra anao ao amin'ny Sekoly Sabata na ny pasitora atao ny manampy anao. Raha mahazo internety ianao dia azonao jerena ao koa izany.
- Mamakia boky na mijere horonantsary momba ny dinôzaoro. Mifandraika amin'izay nambaran'i Ellen White sy ny Baiboly ve izay novakinao?



Vatosoa atao tsianjery: “(...) Haminany ny zanakalahinareo sy ny zanakavavinareo, ny lahiantitrareo hanonofy, ary ny zatovonareo hahita fahitana” - Joe. 3:1.

Ny nofin’ilay pôlisy manamboninahitra

Mpitandro ny filaminana marobe any Auckland Atsimo, Nouvelle-Zélande, no kivy noho ny fisian’ny heloka bevava tany amin’izany faritra izany. “Inona no azontsika atao mba hanovana ny toe-javatra?” hoy izy ireo nifanontany.

“Ahoana moa raha homentsika boky hovakina izay hanampy azy hanao safidy tsara amin’ny hoavy ny olona sambany nanao heloka e?” hoy ny pôlisy manamboninahitra anankiray. Raha mbola nanohy ny resany ireo mpitandro ny filaminana, dia tonga tamin’ny hevitra fa hamokatra gazetiboky iray miresaka momba ny tantaran’ireo mpanao heloka bevava nanolotra ny fainany ho an’i Jesôsy. Hampitondrain’izy ireo ny anarana hoe Avy tamin’ny heloka mankeo amin’i Kristy izany. Nientanentana ny amin’izany gazetiboky vaovao izany avokoa ny rehetra, kanefa tsy nanana vola hoenti-mamokatra izany ny sampan-draharaha misy azy ireo.

Indray alina anefa dia nanonofy hafahafa ilay pôlisy manamboninahitra. Nahita vehivavy efa ho teraka izy tao amin’izany nofy izany. Nahita soratra hoe “Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito” izy, teo ambonin’ilay vehivavy.

Taitra tampoka ilay manamboninahitra. Tsy maintsy soratako izay nofisiko teo, hoy izy niteny irery. Niverina natory izy rehefa avy nanoratra izany nofy izany.

Nony maraina, raha tonga tany amin’ny toeram-piasan’ny pôlisy izy, dia nambaran’ilay manamboninahitra izay heveriny ho hevitry nynofiny. “Mino aho fa ny fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito no ‘hiteraka’ izany tetikasa momba ny gazetiboky izany”, hoy izy.

“Advantista aho”, hoy ny iray tamin’ireo mpitandro ny filaminana tamim-pientanentanana, “ary mahafantatra fiangonana Advantista liana amin’ny fanampiana amin’izany aho!”

Tsy ela dia nihaona tamin’ny pasitora Hurlow, tao amin’ny fiangonana Advantista Papatoetoe tsy lavitra teo, ilay manamboninahitra. “Eny”, hoy ny pasitora sady nitsiky, “mahafaly anay ny hanampy amin’izany tetikasa famokarana gazetiboky izany”. Nohazavain’ny pasitora Hurlow anefa fa hanampy amin’ny fanoratana sy ny asa hafa ny fiangonana, saingy tsy afaka mamatsy ara-bola izany tetikasa izany.

Ny ampitson’io dia nisy vehivavy niditra tao amin’ny biraon’ny mpitandro ny filaminana ary nangataka hiresaka amin’ny filoha mpitarika azy ireo. Rehefa nipoitra izy dia izao no nambaran’ilay vehivavy taminy: “Nirahin’Andriamanitra hankaty aho. Tsy fantatro anefa ny antony, fa lazao ahy izay zavatra ataonareo eto amin’ny fiarahamonina”.

Rehefa noresahin’ilay manamboninahitra taminy ny momba ilay tetikasa hanaovana gazetiboky, dia izao no nambaran’ilay vehivavy: “Fantattro ankehitriny ny antony nanirahan’Andriamanitra ahy ho aty hiresaka aminao. Maniry ny hanolotra vola

ho fanampiana izahay. Andeha hivavaka aho dia hiresaka amin'ny olona vitsivitsy, ary hiverina eto izahay”.

Andro vitsivitsy taorian’izay dia niverina tany amin’ny toeram-piasan’ny pôlisy ilay vehivavy. “Manana 10 000 dôlaran’i Nouvelle Zélande (23.577.100 ar eo ho eo) vonona hampiasainareo ho amin’ny tetikasan’ilay gazetiboky aho”, hoy izy sady nitsiky. Ampy tokoa izany hanontana ny laharana voalohany amin’ilay gazetiboky! “Ah”, hoy ilay vehivavy, “mbola manana vola fanampin’izany aho hanaovanareo ny andiany manaraka.”

Ny boky andiany voalohany tamin’ny Avy tamin’ny heloka mankeo amin’i Kristy dia ahitana ny tantaran’i Amos, izay nanorina ny andian-jiolahy antsoina hoe “Ireo mpihaza loha”, sy tantarana vehivavy iray mpanao heloka bevava nanjary nanaradia an’i Jesôsy Kristy. Olona maro no vita batisa noho ny namakiany lahatsoratra tao amin’ny gazetiboky Avy tamin’ny heloka mankeo amin’i Kristy, izay nanohina ny fony tokoa.

Rehefa manomenofy ho an’ny olona iray Andriamanitra, dia manampy izany olona izany hanatanteraka izany koa Izy!

Tantara namboarina avy tamin’ny “The policeman’s dream”, nosoratan’i Andrew McCchesney, am.adventistmission.org.

Fantatrao ve?

- Ambaran’ny Baiboly fa mbola mitana anjara toerana ao amin’ny faminaniana nynofy. (Jereo ny vatosoa atao tsianjery anio.)
- Mihoatra noho ny filazana ny hoavy ny asan’ny mpaminany; ao koa ny fampianarana, ny fitorian-teny, eny fa ny fanofisana koa aza; misy fotoana isafidianan’Andriamanitra anao ho mpaminany - na dia tsy afaka manambara ny hoavy aza ianao!

Saintsaino

- Inona avy ireo fomba azo amantarana raha avy amin’Andriamanitra tokoa na tsia ny nofin’ny olona iray (na koa hafatra manokana hafa)?
- Ao anatin’ny fanomezampahasoavan’ny faminaniana ny fampianarana sy ny fitorian-teny; moa ve mpaminany avokoa ny mpampianatra sy ny mpitory teny rehetra? Eny sa tsia, nahoana?
- Kristianina marobe no mino fa famantarana ara-paminaniana ilay “Andro Maizina” tamin’ny 1780. (Nanoratra mikasika izany i George Washington). Ambaran’ny manam-pahaizana momba ny siansa amin’izao fotoana izao fa setroka avy tamin’ny ala may tany Canada no nahatonga ny Andro Maizina. Mampisy fiovana ve izany? Eny sa tsia, nahoana?



Vatosoa atao tsianjery: “Ireo no manaraka ny Zanak’ondry na aiza na aiza no alehany” - Apôk.
14:4.

Ilay nofy momba ny tady kely maitso

Kivy i Ellen! Tia an’i Jesôsy tokoa ity tovovavy kely 15 taona ity, saingy toa tsy mahatsapa izy fa manana ny fahatsarana mety hahafaly Azy. Nanoratra ny zavatra tsapany nandritra izany fotoana izany i Ellen. “Toy ny hoe efa voafaritra ny fiafarako, ary nandao ahy ny Fanahin’Andriamanitra ka tsy hiverina intsony.”* Nanonofy anefa i Ellen indray alina, ary nanampy azy hahita ny toe-javatra amin’ny fomba fiery hafa tanteraka izany.

Tao anatin’ny alahelo lalina i Ellen tao amin’izany nofiny izany. Raha mba afaka mahita an’i Jesôsy mantsy aho dia hanampy ahy ho maivamaivana kokoa Izy! hoy izy an’eritreritra. Tsy ela akory taorian’izay dia nahita anjely izy tao amin’ilay nofy. “Maniry ny hahita an’i Jesôsy ve ianao?” hoy ilay anjely taminy. “Eto Izy, ary afaka

ny hahita Azy ianao raha maniry izany. Ento ny entanao rehetra dia avia hanaraka ahy”.

Mazava loatra fa maniry ny hahita an’i Jesôsy izy! Koa nangonin’i Ellen ny zavatra vitsy nananany, dia nanaraka ilay anjely izy, mbola tao anatin’ilay nofy ihany. “Mijere ambony hatrany”, hoy ilay anjely taminy, “raha tsy izany dia ho fanina ianao ka hianjera”.

Endrey izany nofin’i Ellen! Tsapany ho feno hafaliana ny fony raha nanaradia ilay anjely niakatra teo amin’ilay lalana mideza izy. Tonga teo anoloan’ny varavarana anankiray i Ellen nony farany. “Avelao eto ny entanao”, hoy ilay anjely taminy tao anatin’ilay nofy. Rehefa izay dia nosokafan’ilay anjely ilay varavarana... Ary indro i Jesôsy mijoro eo!

Tsy nampino an’i Ellen izay hitany! Niantoraka teo an-tongotry ny Mpamony izy. Nanatona an’i Ellen i Jesôsy; tsiky feno halemem-panahy no teo amin’ny Endrin; napetrany teo amin’ny lohan’ilay tovovavy ny tanany. “Aza matahotra”, hoy Izy taminy.

Feno hafaliana loatra ny fon’i Ellen ka tsy nahateny izy. Toa tsapany tao anatin’izany nofy izany ny fiadanana’ny lanitra! Mbola njery azy hatrany ny masom-pitiavan’i Jesôsy, ka diboka hafaliana ny fon’i Ellen. Tsapany izao fa ny fatokiana an’i Jesôsy ihany no hahatonga azy honina any andanitra indray andro any.

Tsy ela taorian’izay dia nanokatra ny varavarana ilay anjely nitari-dalana azy. Tsy teo anatrehan’izy ireo intsony i Jesôsy, saingy nisy zavatra niova - zavatra mahatalanjona loatra ka tsy hainy ambara izany.

Indro nisy zavatra tsy dia mahazatra loatra tao anatin’ilay nofy. Notoloran’ilay anjely tady kely maitso i Ellen. “Apetraho eo akaikin’ny fonao ity”, hoy ny toromarika nomeny. “Rehefa maniry ny hahita an’i Jesôsy ianao, dia raiso ilay tady kely maitso, dia ataovy mitsotra. Ataovy matetika izany raha tsy tianao hisy vona ilay tady”, hoy ilay anjely. Nampiseho ny finoana sy ny fatokiana an’i Jesôsy izany tady izany ho an’i Ellen.

Napetrak'i Ellen teo akaikin'ny fony ilay tady kely, tao anatin'nynofiny, ary tamimpifalianano nidinany indray tamin'ilay lalana ety sy mideza. Nidera an'Andriamanitra izy teny an-dalana, ary niteny tamimpientanentanana tamin'izay olona nifanena taminy ny amin'ny toerana hahitan'izy ireo an'i Jesôsy.

Rehefa taitra i Ellen dia toy ny nazava kokoa no nahitany an'izao tontolo izao, ary nahatsapa fiadanana tao am-pony izy, fiadanana izay tsy mbola tsapany teo aloha. Izany rehetra izany dia noho ny amin'i Jesôsy!

*Ellen G. White, Early Writings (Washington, D.C.: Review and Herald Pub. Assn., 1882, 1945), t. 79. Jereo koa ny tt. 80,81.

Saintsaino

- Inona no teboka manan-danjaindrindra amin'ny "Ilay nofy momba ny tady kely maitso"?
- Nisy fiantraikany teo amin'ny fiainanao ve i Ellen White? Raha eny, tamin'ny fomba ahoana?
- Araka ny hevitrao, nahoana ny olonasasany no misafidy ny tsy hiraharaha ny hafatr'i Ellen White?

Ataovy!

- Mampiasà tadin-kiraro, na kofehy na ny toy izany; amboary ny "tady kely maitso"-nao, ka apetraho eo amin'ny toerana izay ahafahany mampahatsiahy anao fa amin'ny fotoana rehetra no tsara itokiana amin'i Jesôsy! Azonao atao ohatra ny mamatotra ny teny fikasan'ny Baiboly tianao indrindra amin'izany tady kely izany.
- Maneteza baoritra manana haavo 18sm eo ho eo sy sakany 13 sm eo ho eo. Manamboara varavarana afaka misokatra eo amin'izany, ka antsasaky ny halavan'ny ankihibe no fisokafany. Manaova sary na mitadiava sarin'i Jesôsy ka apetaho eo ambadik'ilay rako-baravarana izany. Raha tianao dia azonao asiana varavarankely eo amin'ilay varavarana mba hahitana ny endrik'i Jesôsy. Isaky ny manokatra ny varavarana ianao izao dia miandry anao i Jesôsy!



19:10.

Ilay fahitana tsy mampino

Vao nahavita ny toriteniny nandritra ny fandevenana iray i James White, indray Alahady folakandro izay, tany Lovetts Grove, Ohio. Tamin'izay indrindra no nandroso hankeo alohan'ilay sekoly kely, izay toerana nanaovana ilay fandevenana, i Ellen vadiny. Naniry ny hanao teny fampaherezana izy, saingy nanomana zavatra manokana ho an'izany fotoana teo amin'ny tantara izany Andriamanitra.

Tampoka teo dia nahita fahitana i Ellen. Zavatra efa niseho imbetsaka izany. Nasehon'Andriamanitra tao amin'izany fahitana izany ireo toe-javatra avy tamin'ilay ady tsy hita maso nifanaovan'i Jesôsy sy i Satana. Hitany faanjely nohajaina fatratra tany an-danitra i Satana; nanota anefa izy ka nazera tety an-tany. Raha mbola tao anaty fahitana i Ellen dia nisy toe-javatra maro nandalo teo alohan'ny masonry. Hitany ny fahafatesan'i Jesôsy teo Kalvary, sy ny hakan'ny Alahady ny toeran'ny Sabata marina amin'ny maha-andron'Andriamanitra manokana izany. Naseho taminy koa ny

fiezahan'i Satana hamitaka ny olona amin'ny fiheverana fa mankany an-danitra avy hatrany ny maty, ary azon'izy ireo atao ny miresaka amin'ireny olon-tiany efa "lasanko razana" ireny!

Tapitra ny fahitana hitan'i Ellen rehefa afaka adiny roa, saingy nisy zavatra hafa nambaran'Andriamanitra taminy mialoha izany. Nasaina nosoratany izany fahitana izany, izay ho fantatra amin'ny anarana hoe fahitana momba ny "hery mifanandrina". Nambaran'Andriamanitra taminy koa fa hanao izay hisakanana azy tsy hizara izay hitany tamin'ny fahitana i Satana. Rehefa niala teo amin'ilay trano sekoly ny olona dia niteny toy izao ny sasany tamin'izy ireo: "nahita zavatra hafahafa izahay androany!"

Tsy ela taorian'izay dia nandao an'i Ohio i James sy i Ellen White, ka nankany Jackson any Michigan, mba hitsidika ny fianakaviana Palmers naman'izy ireo. Afaka fotoana vitsy monja taorian'ny nahatongavan'izy ireo tao an-tranon'ny fianakaviana Palmers dia nisy zava-nitranga tamin'i Ellen. Tahaka izao no nanoratany izany taty aoriana kelin'izay: "Nisy fahatsapana hatsiaka hafahafa namely ny foko; nanerana ny lohako izany ary nidina tamin'ny ilako havanana (...) Niezaka nampiasa ny tanako sy ny rantsako havia aho, saingy tsy afa-nihetsika mihitsy izany."¹

Nanao izay hisakanana an'i Ellen tsy hanoratra ilay fahitana i Satana! Noho ny vavaka natao anefa dia nihatsara ny fahasalamany. Taty aoriana kely dia nanoratra izy hoe: "Naseho tamiko tamin'ny fahitana fa nikasa haningotra ny aiko i Satana tamin'ny famelezany ahy tany Jackson, mba hisakanana ny zavatra hosoratko, saingy nisy anjelin'Andriamanitra nirahina hamonjy ahy."² "Ren'ny Tompo ary novaliny ny vavaka tamim-pahatokiana nataon'ny zanany, ka torotoro ny herin'i Satana."³ Afaka namita ny fanoratana ilay fahitana iray manontolo ihany i Ellen nony farany. Azonao vakina ny zavatra nosoratany, izay hita ao amin'ny boky antsoina hoe "Hery Mifanandrina".

Ankehitriny, noho ny fanomezampahasoavan'ny faminaniana izay natolotr 'Andriamanitra an'i Ellen White dia mahafantatra zavatra maro momba ny fiomanana ho amin'ny fiavian'i Jesôsy fanindroany ny vahoakan'Andriamanitra amin'ny andro farany. Fanomezana manokana natolotra ny fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito izany. Tsy natao ho an'ny vondron'olona iray ihany anefa ireo fahalalana nomen' Andriamanitra an'i Ellen White, fa natao hozaraina amin'izao tontolo izao! Tombontsoa mahagaga manao ahoana re ny mandray anjara amin'ny fitondrana fiovana eo amin'ny hafa e, tsy ho amin'izao fainana izao ihany fa mandrakizay!

¹ Ellen G. White, Life Sketches of Ellen G. White (Mountain View, Calif.: Pacific Press Pub. Assn., 1915), t. 162.

² Mitovy amin'ny teo aloha t. 163.

³ Ellen G. White, Spiritual Gifts (Battle Creek, Mich.: James White, 1860), b. 2, t. 272.

Saintsaino

• Inona no holazainao raha misy olona milaza aminao fa tsy manan-danja intsony i Ellen White?

• Araka ny hevitrao, iza no tena nanandanja teo amin'ny fainan'i Ellen White? Nahoana?

Ataovy!

• Vidio na mangataha olona iray hanome anao ny boky Ny Dia Ho eo amin'i Kristy, izay nosoratan'i Ellen White. Mamakia paragrafy vitsivitsy amin'izany, isan'alina alohan'ny hatoriana. Hanampy anao hianatra ho tia an'i Jesôsy bebe kokoa izany.

• Jereo ny fehezanteny manana hevi-dehibe manokana ao amin'ny "Ny Dia ho eo amin'i Kristy", na boky hafa nosoratan'i Ellen White. Soraty izany fehezanteny izany na avoahy amin'ny milina fandikan-tsary ("photocopieuse"). Maneteza karatra madinika avy amin'ny baoritra ary apetaho amin'ilay baoritra ireo fehezanteny nosoratanao. Haingoy ireo karatra kely. Azonao fonosina izany ka petahana taratasy mandraiki-tena tsy miloko amin'ny sisiny roa, ary hetezana ny sisiny. Tehirizo amin'ny toerana manokana ireo karatra ireo (azo atao ny manamboatra "fitehirizana karatra" amin'ny baoritra ho an'izany). Ankafizo ny famakiana ireny teny fampaherezana ireny matetika. Mety tianao koa aza ny hitadidy tsianjery ny sasany amin'ireny hafatra manokana avy amin'ny mpitondra ny hafatr'Andriamanitra amin'ny andro farany ireny, dia i Ellen White izany.

• Mitehiriza diary misy ireo zavatra manana hevi-dehibe manokana nosoratan'i Ellen White na nambarany. Raha tianao dia ataovy ao ireo sary maneho ireo teboka manan-danja ireo.